

Tableau de prise de notes

THEMATIQUE n°1 - LISITRY NY MPIFIDY -

Date : 28/05/2026

N°	Mpandray fitenenana	Avy amin'ny	Fanamarihana	Soso-kevitra	Valiteny raha misy	Observations
01	Hajo Andrianain arivelo, Président	MMM	<p>- fanamarihana mikasika ireo thématique: tokony ho resahina ireo hevi-dehibe toy ny rafitra mpikarakara ny fifidianana sao lasa antsipirihiny (détail loatra ny ady hevitra anefa ny fototra tsy voalaza</p> <p>-Tamin'ny taona 2023 ny antoko no efa nangataka ny hanovana ny firafitry ny CENI + ny lalam-pifidianana ary ny mikasika ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy</p>		<p>Ao anatin'ny fanomanana ny concertation nationale isika izao. Misy andraikity ny institution tsirairay sy ny vondron'olona. Rehefa any am concertation nationale dia any no fanapahan-kevitra farany. Amporisihina ny rehetra hamolavola sosokevitra eny anivon'ny ambaratonga isan-karazany.</p> <p>Tonga dia atolory ny soso-kevitra</p>	<p>Fanoloran-kevitra no atao kanefa tsy misakana ny fanoloran-kevitra momba ny lohahevitra hafa izany izay mikasika ny dimension institutionnelle et opérationnelle izany</p> <p>2mn isaky ny fitenenana noho ny fifehezana ny fotoana (fa tsy 3mn araka ny fangatahan'olona iray)</p>
02	SG - Todiarivo	MONIMA	<p>Ny firafitry ny HCC no tsy mety – tsy ho impartial satria système de quota – fisoloan-tenan'ireo andrim-panjakana no tena hita taratra amin'izany.</p>	<p>Aleo tsinjaraina mihitsy ilay olana fototra. Ny firafitry ny HCC no hanombohana ny adihevitra</p>		<p>TH.11</p>
03	Nicolas	PSD	<p>-tsy mipetraka loatra ny éthique politique eto: ny lalam-pifidianana tsy nety tamin'ny antoko sasany rehefa hanalany azy dia lasa nety indray.</p>		<p>Tsy résolution no atao eto fa angon-kevitra izay tanterahina ho antsika</p> <p>Mila jerentsika oe aiza no olana sy ny antony</p>	

			-Efa nivoaka ny refonte : misy ny fanavakavahana ny olona tokony hiditra anaty lisitra ka tsy tokony ho mpikambana ao amin'ny CLRE ireo solotena avy amin'ny antoko politika		nahatonga ny olanadia any no anaovantsika sosokevitra	
04	Députée Johasy	TSARATAH AFINA	-Ahoana no ananana toky fa izay hivoaka eto dia tsy ho voakitika intsony any amin'ny concertation nationale. -Ny fifidianana dia mifototra am rafitra izay mipetraka nefa ny CENI mbola fehezin'ny L.2015-020 izay tokony mbola hovaina.			
05	Past. Mailhol	GFFM		-Tsy atao am andro fahavaratra ny fifidianana -Atomboka herintaona mialoha ny fanentanana mikasika ny fifidianana ho avy. -Fampielezan-kevitra: tsy ampy ny 3 volana fa tokony herintaona mihitsy. -Atonta eto ny bileta tokana fa tsy any ivelany satria misy Bulletin unique hafahafa. -Ny fanjakana no miantoka ny bileta tokana sy manaparitaka azy fa tsy ny candidat. -Tokony feran'ny fanjakana ny vola ampiasaina amin'ny		

				fampielezan-kevitra : tokony tsy atao mihoatra ny 50 millions toy ny tamin'ny 2018		
06	RANAIVOS ON Steven Picot	Antoko maitso	Art.42 ao amin'ny 2018-008 : misy lesoka satria ilay exception du principe de gel de la LE dia malalaka loatra, tsy misy précision ka afaka manokatra liste indray ny Fitsarana tahaka ny tamin'ny 2023	Mitaky ny hanitsiana io andinin-dalàna io ary atao mazava tsara ny circonstance hampiharana ilay art.42. na amoahana didim-panjakana fampiharana		
07	Ony Fy Ralambo	Mpanao gazety	Fisafotofotoana sy diso momba ny liste électorale : – maro ny tsy voasoratra	-Tokony ho voahitsy ao anaty biométrie -Tokony hanara-maso izany ny partis politiques sy ny Fanjakana. Vitsy ny olom-pirenena tafiditra. -Tokony ampitomboina ny fe-potoana hampahalalana ny lalànan'ny fisoratana anarana eny amin'ny fokontany Tokony mahazo antoka fa azo itokisana ny lisitry ny mpifidy.		
08	RABETOKO TANY Hasinjaka Njiva	Tanora GEN Z	Tamin'ny 12/04/2023 dia nahitana 66000 doublons sy 379000 anomalies (olana ara-taratasy) izay navoakan'ny CENI Be no diso Misy olona maty mandray anjara amin'ny fifidianana	-Tsy misy fahatokisana intsony ny tanora ka milaza oe ravao ny CENI Vahaolana : Biométrie -Tokony mifandray ny CENI sy ny fkt ary ny MID. -fanisana ny mpifidy sy ireo fitaovana ampiasaina amin'izany : Tokony hisy		

			tsy tomombana ny fanaovana maty andro ny lisitry ny mpifindra monina	audit officiel mba tsy hisian'ny exclusion Tokony ampiasaina ny outils numériques, tablettes		
09		mpanao gazety		-langaviana ny CENI taloha rehetra mba handray anjara hilaza ny zava-misy rehetra teo aloha nandritry ny fitantanana ny fifidianana -Ilaina ny fampiasana ny tablettes amin'ny recensement kanefa raha izao dia tsy ho tratra intsony ny amin'ity refonte ity. Tablette : efa voamarina fa sady moindre coûts no rapide, fiable (cf. INSTAT avec RGPH)		
10	Ravalitera Jacques Michael	OSC	Inona no zava-misy marina : fandraisana andraikitra ny olom-pirenena no tena olana	-Amafidsina ny serasera; -mila motiver-na ny CENI. Raha mbola ny fanjakana no mijery ny budget-n'ny CENI dia esoriny foana ny budget communication ; - Ataovy AUTONOME ny CENI fa tsy INDEPENDANTE.	Mila hazavaina ny dikan'ny LISITRY NY MPIFIDY sy ny LISI-PIFIDIANANA - AUTONOME sy INDÉPENDANT	
11	Rakotomah anina James Francklin	PSRMV	Ahoana no fomba ahafahana mangalatra amin'io LE io sy mandiso ny voka-pifidianana : ny Président biraom-pifidianana miray tsikombakomba amin'ny olona mitazona ny registre ; ny observateur tsy avela miditra ny Bureau de vote ; na dia CIN	Tablette misy ny lisitry ny mpifidy: mila manana daholo ny rehetra - ny observateurs, délégués ; asiana sary sy lavotondro na sonian'ny mpifidy ilay tablette.		

			tsy an'ilay mpifidy aza dia avelany hifidy			
12	RANARIJAO NA Jean Jacques	PCED Arivonima mo	<p>-Misy tsindry politika avy amin'ny manam-pahefana atao amin'ny CLRE.</p> <p>-Rehefa tonga eny amin'ny CID ny karine fanoratana anarana dia misy pejy voaangotra.</p> <p>-Doublon : olona samihafa no manana CIN mitovy ;</p> <p>-kely ny indemnité-n'ny CLRE ka mora tratran'ny fakam-panahy izy ireo.</p>	<p>Ny partis politiques sy ny OSC mila manaramaso ny lisitra sy ny fisoratana anarana.</p> <p>arahi-maso tsara ny traçabilité/numérotation an'ny takelaka tsirairay avy</p>		
13		Observato ire SAFIDY	<p>-Ny CENI sy HCC no tena olana ka tokony izay no hanombohana ny atrikasa.</p> <p>-Na inona na inona dia misy foana ny tsindry ara-politika avy amin'ny entité niavian'ny CEN</p> <p>-Anisan'ny olana amin'ny liste électorale koa ny toe-tany na géographie: tokony ho raisina tsara ny fahasamihafan'ny toeranana rehetra</p>	<p>-Tokony tsy membre CENI ny avy amin'ny tompon'andraiki-panjakana mba hialana amin'ny fifandroizan'andraikitra</p> <p>Tokony olona tena mahay avy amin'ny OSC na ordre des avovats no miditra membres CENI ary tokony atao interview amin'ny fahitalavitra mihitsy ahitana ny fahaizany.</p>	Midanadana ny varavarana amin'ny olana sy vahaolana	
14	Raharinirin a Charline	Tafaray	-Sécurisation des données ialana amin'ny hackers	<p>Rafitra : Mitovy hevitra amin'ny etsy ambony.</p> <p>Tokony tsy misy tendrena avy amin'ny institution fa soloina administrateur civil ny membres CENI : Administrateur civil, OSC, avocat, journalistes ihany.</p>		

				Fotoam-pifidianana : tokony juin-octobre no anatanterahana ny fifidianana		
15	Andoniaina ANDRIAMA LAZARAY	Ex-CENI	Olana 3 no ateraky ny karatry ny mpifidy : - Mandany vola be - Fanamaivanana ny mahaizy antsika - Manokatra lalana amin'ny hosoka	Lalàna mila hatsaraina : - Foanana ny karatry ny mpifidy - CIN sy ny liste électorale dia ampy		
16	Mamy RAKOTONIA INA	Antoko ALFA	Savaranonando ihany ny anio : inona no mety ho tohiny satria mirona amin'ny fanovan-drafitra na fandravana ny CENI ny olona ankehitriny ?	Foanana amin'ny lalàna ny kara-pifidianana. Tsy mazava ny lalàna satria CIN dia ampy Momba ny digitalisation : maro ireo tany lavitra (oh. Madirovalo) : Tokony averina ny fanaovana recensement tahaky ny tamin'ny 2e République izay volana Janoary dia misy recensement amin'ny alalan'ny fitetezan-trano ataon'ny fokontany. AMPitahaina ny lisitry ny CENI sy ny eny amin'ny fokontany Entanina koa ny ...		
17	Imbiky Anaclet	MAMIMAD	Régime général des élections et des référendums : OUI ou NON	-Aoka mba tsy oui na non fa hisy projets de textes maromaro hofidiana – ovaina ho “Régime général des élections et des référendums, des élections institutionnelles et référendaires”		
18	ANDRIATSIZ EHENA Benja Urbain, Pdt national	RPSD		-Hatao lettres officielles any amin'ny CENI sy ireo andrim-panjakana ny recommandations momba ny lalàm-pifidianana.		

				<p>-Ny fifidianana dia natokana ho an'ny mpanao politika ka tokony diovina ireo lisitry ny antoko politika marobe ao amin'ny MID.</p> <p>-Ho an'ny mpisehatra am fifidianana ny mpitsara sy ny administrateurs civils sasantsasany no fositra satria matahotra ny tsindry ataon'ny mpitondra ka manao ny tsy fanao</p>		
19	Christian Dieu Donné Ratefiarison, Président	FAAM	Fif am ankapobeny : ny partis politiques resy dia nilaza fa nisy halabato fa rehefa lany dia mangina.	Ahoana daholo ilay fomba fangalaram-bato. Tokony ferantsika ao amin'ny lalàna ny fialana amzay		
20	Julien ANDRIAMO RASATA	TIM	Chef Fokontany : misy empiètement source de pb : inona no andraikiny mazava ?	Rehefa vita ny arrêtage def dia tsy tokony hisy ordonnance intsony. Tokony hisy répartition claire ialana amin'ny ingérence abusive ny tomponandraiki-panjakana	Alefa am CENI	Manana documents de suggestions izahay. Alefa aiza izy io ?
21	Brigitte Rasamoelina	Ampela Manao Politika	Fantatsika daholo ny olana rehetra – ny CENI mahalala ny fomba fangalaram-bato.	<p>Halefa amin'ny CENI ny soso-kevitray.</p> <p>Manao antso avo amin'ny fitiavan-tanindrazan'ny CENI sy ny HCC. Teknisiana mahay ny malagasy saingy volonté politique no tsy misy. Rehefa tsy arahintsika ny lalàna dia eto foana isika. Volonté politique no ilaina. Fotoanan'ny fiovana izao : rahoviana isika no hanao fiovana ho an'ny tanindrazana.</p> <p>Asiana mesures coercitive ary sanction pénale ho an'ny tsy manara-dalàna.</p>		
22	RATSIA Andrea Flavienne Sophie	Journaliste Atsinanana		Hamafisina ny sensibilisation miainga any amin'ny fokontany.		

23	Elia RAVELOMA NANTSOA	Parti Madagasi karantsika		Mba hampankarana ny tahan'ny fisoratana anarana : ovaina adidy tsy maintsy atao ny mifidy (obligation)		
24	?	?	Rehefa mamolavola LE dia tsapa fa tsy ampy ny olona manana état civil – acte de naissance. Ny ataon'ny CENI nefa dia mametraka objectif izy ka rehefa tsy tratrany dia manao JSAN ny MID	-Tsy aorian'ny tsy fahatratrarana ny tanjona ny JSAN fa mialoha ny fisoratana anarana. -Tokony hovalian'ny CENI mazava fanaovana ny prévision – hazavaina ny base nanaovana vinavinan'ny isan'ny radiation sy ny rajout		
25	Rakotoman ana Hery	Ex-PCENI	-Olana voalohany : Mpifidy : tokony ho tonga hisoratra anarany izy ireo. Anjara andraikitry ny mpanao politika ny manentana ny olona hisoratra anarana -Eny am fkt no misoratra amin'ny lisi-pifidianana : firy no afaka handray anjara hisoratra anarana. Miteraka olana izay satria soratana am ttsy – alefa am CID – indéchiffrable ilay soratra : firy ny lehibem-pokontany tena mahay manoratra sy tsy mahay manoratra ?	Vahaolana : basculement amin'ny biométrie Tokony ho tonga saina amin'ny géographie eto Mcar isika : tongan'ny lalana daholo ve ny fokontany hanoratan'ny olona ny anarany? Firy ny fokontany eto Mcar no accessible ary hafiriana no tonga any ? Ampitomboy foana ny vola sy ny logistique hanatanterahan'ny CENI ny asa izay hiantsohany.		
26	Ralaiariliva	Ex-VPCENI T	Isika voatana foana amin'ny élection inclusive :	Aoka hofanana ao amin'ny LORGER ny maha-observateur ao amin'ny CLRE sy ny Comité d'arrêtage eny amin'ny District ny OSC sy ny partis politiques fa aleo ho membres d'office izy ireo. Izay vao azo lazaina hoe inclusive ny élection. Tamin'ny 2010, ny comité d'arrêtage dia niorina tamin'ny feuille de route nosoniavin'ny partis politiques nefa		

				ireo olona ireo tokony handray anjara amin'ny arrêtage tanteraka.		
27	DAMA Arsène	Ex-PCENI	Principe de gel de la liste électorale. Ahoana no fomba hananana liste électorale tsy mampiahiahy ?	Tokony manana fahasahiana isika : - hotazomina ve ilay principe de GEL? - tokony hiditra amin'ny inscription d'office? - ho foanana tanteraka ny art.42 na hotazomina fa atao mazava ny circonstance n'ny art.42		
28	RATSIMBAZ AFY Emérentien ne	AFO	-Textes électoraux miova foana araka ny mpitondra : Campagne électorale : tsy tomombana ny fanofanana ny membres bureau électorale;	-Andao andrafitra code électoral tsy ho afaka ovain'iza na iza intsony. -Avelao mandritra ny taona fa arahantsika maso sao misy mampiasa fitaovam-panjakana – ny olom-pirenena no miandraikitra ny fanaraha-maso. -Tsy hampanao sonia ny observateurs na délégués de candidats mialoha ny fandrafetana ny PV – atao effective ny formation		
29	Beanjara Paul	SFDM	Tsy latsaky ny 25% ny inscrits	-Tokony miara-miasa amin'ny Chef fokontany ny CENI amin'ny fanaovana ny lisitry ny mpifidy. -Obligatoire ny inscription : izay tsy manao CIN biométrique dia tsy mahazo mifidy, -mizotra mankany amin'ny vote électronique izany. Tsy misakana ny fandraisana ny résultats en papier : eny amin'ny District dia misy manome baiko tsy hanakatona ny enveloppes des résultats.		

				-Ny technologie no ahitana izay mangala-bato.		
30	HANOROSO A Didier Marius	RADEAU		<p>Fiomanana no tena zava-dehibe : LE misy enjeu : atao rafitra manokana mihitsy na direction manokana momba ny fitantanana ny lisitry ny mpifidy. Manana andraikitra lehibe amin'izany ny OSC ao amin'ny CENI – mety ho budgétivore izany nefa ho afa-po ny rehetra.</p> <p>Ny mpifindra monina koa dia mampisy olana lehibe : tokony obligatoire ny taratasy fifindra-monina fa be ny tsy voasoratra noho izany</p>		
31	Charles RANDRIARI MANANA	ACCES ZON'OLO MBELONA Ex-CENI	Inona no tena tsy hatokisan'ny vahoaka ny rafitra mikarakara ny fifidianana : ahoana no hamerenana ny fitokisana. Ny LE dia anaty cycle électoral : olana goavana dia fifangaroan'andraikitra – refonte CENI sa ny fanjakana ?	ataovy mazava tsara ny fitsinjaran'andraikitra ny fanjakana sy ny CENI sy ireo mpandray anjara hafa mandritry ny cycle électoral		
32	Andriamah aro Rajaonarife tra	Ancien auditeur	<p>Olana :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Tsy misy base de données amin'ny Etat civil ary tsy avy amin'izany base de données izany no anatoahina ny liste électorale - maro ny laharan'ny CNI miverimberina 	<p>-Tokony avy amin'ny base de l'état civil sy ny MID no andrafetana ny lisitry ny mpifidy fa tsy ny CENI no manao izany</p> <p>-fitsinjarana isaky ny birao fandatsaham-bato no ataon'ny CENI – tsy izy no manao recensement</p> <p>-Rehefa faranana ny liste dia ny huissier no tokony manidy ny base de données azy fa tsy ny CENI.</p> <p>-Ny Commissaires électoraux dia tokony ho présidence tournante mba ho décision indépendante fa tsy collective.</p>		

33	Heritiana	ILO MADA	<p>Efa nisy ny lettre de recommandations efa nalefa amin'ny CENI. ho ampiana ny annexe araka ny thématiques eto</p> <p>Au profit an'iza ny fanendrena ny Chef fkt membre CLRE izay atao amin'izao fotoana izao indrindra indrindra</p>	<p>-OSC atao mpikambana avy hatrany anaty CLRE</p> <p>-Ordonnance : tokony foanana ary tsy ho atao intsony</p> <p>-Serasera : mila atao matanjaka ny serasera – tsy ampy ny tambazotra – mila midina ifotony eny amin'ny fokontany mihintsy</p>		
34	RAFIDISON Fidel	Préfet teo aloha		<p>-Biométrie no vahaolana</p> <p>-Ampiasaina ny données amin'ny enrôlement biométrique efa nangonina amin'izao ary ampitahaina amin'ny lisitra eny amin'ny fokontany</p> <p>-Partis politiques : Tsy masaka ara-poto-kevitra ny mpitantana ny antoko politika</p> <p>– tokony atao asa mandavantaona ny fanatonana eny ifotony ary samy maka andraikitra ny tsirairay</p> <p>-Tokony samy manana éthique mitodika amin'ny ho avy ny tsirairay</p>		
35	Johary Ravoajanahary	Journaliste	Centralisé loatra ny fifidianana eto Mcar: ny CENI foibe avokoa no mandray ny fanapahan-kevitra rehetra	Andao hanao révolution isika. Tokony décentraliser-na eny amin'ny Commune sy ny District ny fikarakarana ny lisi-pifidianana sy ny fifidianana ary ny fikirakirana ny vokatra		
36	MEKTOUB Omar El Camille	SG KINTANA		<p>-Efa nisy volavola nentin'ny CENI momba ny outils de recensement.</p> <p>-Mety ny ao amin'ny fokontany no amikiran'ny fanisana fa tokony hipaka</p>		

				<p>any amin'ny secteur sy ny carreaux sy ny hameaux mihintsy izany</p> <p>Géographie : misy fokontany tsy dia manana fahefana firy ka tokony hojerena koa izay fomba ahazoana olona tokony hifidy</p> <p>foanana ny carte electorale fa ny CNI na ny Carte biométrique ihany no ampiasaina amin'ny fifidianana</p>		
37	Clément Jaona	Enseignement supérieur		<p>-Code électoral : Ovaina ny art.14 sy 18 manao arrêté liste électorale. Ny extrait liste mandeha amin'ny BV dia tokony misy sonian'ny OSC sy ny ONG tahaka ny tamin'ny 2014</p> <p>-Tokony biométrique : tsy raisina mihitsy ny CIN indroa miverina tahaka ny tamin'ny 2010</p> <p>Doublon CNI dia saziain'ny fehezan-dalàna famaizana</p>		
38	Arcélio TOLOJANA HARY	SG KMF/CNO E		<p>-Tokony hifandinika ny CENI/PRODIGY –ahafahana mandrindra ny ezaka. efa manana matériels avy am Japon ny CENI</p> <p>-Enrôlement PSH sy ny vulnérable : sahirana am déplacement tokony jerena akaiky indrindra mandritry ny fifidianana</p> <p>-Diaspora : tokony dinihina ny fiaraha-miasan'ny MAE sy ny CENI hanamorana ny fandraisan'izy ireo anjara amin'ny fifidianana</p>		

39		Communa uté Royale Ampanjak a	<p>-Taux d'alphabétisme 76% - mifandray na ny mpifidy na mpikirakira fifidianana. Olana goavana be</p> <p>-Fonds de campagne: Ambany be ny taux d'alphabétisme ka lasa manambo-la foana no lany</p> <p>-Infractions électorales tsy dia mihatra loatra ny fampiharana ny sazy araka ny lalàna famaizana</p>	<p>-Chef Fokontany tokony hofidiana voalohany mialohan'ny raharaham-pifidianana rehetra</p> <p>-Tokony feranany vola natokana anaovana fampielezan-kevitra</p> <p>-Ahoana no ampiarana marina ireo fehezan-dalàna famaizana mikasika ny fifidianana?</p>		
40	xxxxxx	OSC		<p>- Tokony amorana sy amafisina ny fanomezan'ny CENI alalan an'ireo OSC ahafahany manao ny asa sy ny andraikitra sahan'izy ireo</p> <p>-Ny ceni no tokony tompom-pahefana amin'ny famaritana ny datim-pifidianana</p> <p>-Tokony tsy hisy ny valim-pifidianana vonjimaika intsony fa voka-pifidianana raikitra avy hatrany no avoakan'ny CENI ary fijerena ireo fifanolanana (contentieux électoral) no ataon'ny fitsarana misahana ny fifidianana</p>		
41	Mickael RAVALITER A	Ex CENI	Doublon dia laharana karapanondro mitovy fa tsy hoe olona iray miverina indroa na mahery.	Noho izany mila mifampiresaka ny CENI sy ny Ministère Intérieur Tsy tokony afangaro ny lisitry ny mpifidy sy ny lisi-pifidianana		
42	Jean Louis	TEZA		<p>-Tsy tokony olona karamaina no manao ny lisitra eny amin'ny fokontany fa ny Fokontany,</p> <p>- dia ny fokonolona no manao délibération mamarana azy eny</p>		

				anivon'ny Fokontany. Ny dika mitovy amin'izay no alefa aty amin'ny CENI		
43	APHA	INSTANT DEMOCAT IE	<p>Système électoral intelligent (tsy misy doublon, tsy misy miverina indroa)</p> <p>Mahakivy ny tanora ny zava-misy sy ny fanaovana politika ka tsy hananany fanantenana intsony ka tsy mazoto amin'ny raharaham-pifidianana</p>	<p>-Atomboka hatrany amin'ny fanaovana lisitra ka hatramin'ny fikirakirana voka-pifidianana sns ny teknolojia</p> <p>-Ny fandefasana PV amin'ny fotoan'ny fifidianana dia tokony ampiasana an'io système io koa amin'ny alalan'ny sary</p>		
44	Judidia	Syndicat des planificateurs principaux de M/car		<p>- Mila amboarina ny principe ijoroan'ny fifidianana amin'ny alalan'ny fanovana lalàna</p> <p>-Aza tsabahana ny asan'ny CENI fa aleo izy hanana fahaleovantena tanteraka Omeo fahalalahana ny CENI hanao ny asany</p> <p>-omeo ny teknisianina ny fanaovana ny fifidianana</p>		
45	James	PSRMV		<p>-Ireo mpianatry ny université no atao mpanisa ny mpifidy ka ampitomboina ny bourse ho motivation</p> <p>-Fampiasana stratégie moderne na amin'ny traitement na amin'ny fikirakirana données na amin'ny fanentanana ampiakarana ny tahan'ny fandraisana anjara, ohatra : stratégie de marketing, na sanction positive na négative</p>		
46	Didier Luc	PCER Alaotra MAngoro	Ny fiaraha-miasan' ny CENI amin'ny mid tokony mitady structure hafa sy motivation hafa mihitsy ankoatra ny CLRE			

47		Technicien info CENI		<p>Izay olona te hifidy no manoratra anarana, ka amin'ny fotoana mahataitra azy izy vao tonga misoratra Tokony vao feno 18 taona dia ampi-dirina lisitra</p> <p>Sarotra ho an'ny CENI ny manapaka raha misy laharana karapanondro roa mitovy, aleo atao ny systeme biométrie fa vitantsika io satria manam-pahaizana isika na enimbolana za vita</p>		
48		antoko politika	<p>mangataka fanazavana mikasika ny lisitry ny ho lehiben'ny fokontany izay tonga eny anivon'ny RE amin'izao fotoana izao</p>			

J1_Th2_Calendrier électoral

Tableau de prise de notes

THEMATIQUE n°2 DATIM-PIFIANANA /

Date : 28/05/2026

N°	Mpandray fitenenana	Avy amin'ny	Fanamarihana	Soso-kevitra	Valiteny raha misy	Observations
01	RAKOTONIA INA Mamitiana	Pdt Antoko ALFA	-	- Izay daty navoakan'ny CENI dia tsy tokony ovaina intsony ; - Mihamikisaka ny vanimpotoan'ny toetrandro ka aleo volana no resahana fa tsy vanipotoana intsony ;		
02	RAKOTOAM BOA Jean Louis	Antoko TEZA	-	- Volana may hatramin'ny oktobra no tokony hanaovana ny fifidianana ; - Fifidianana ny fahefana mpanatanteraka sy fifidianana ireo mpanao lalàna ihany no fifidianana tokony atao satria lafo tena lafo ny fanatontosana fifidianana ;		
03	RAVALITER A Mickael	ex Commissa ire CENI	-	- Tokony faritana mazava sy raiketana anaty lalàna ny datim-pifidianana rehetra (ohatra: alahady faharoa amin'ny volana may isaky ny dimy taona no hanaovana fifidianana solombavambaoka)		
04	RAKOTOMA HANINA James Andrianiain a	PSRMV	-	- Tsy tokony décret no mamaritra ny datim- pifidianana ary tsy tokony ovaina ; - Apetraka tsara hoe izay tapitra fe-potoam-piasana voalohany no soloina, anontaniana ny vahoaka raha fifidianana filohan'ny fokontany no alefa mialohan'ny fifidianana filohan'ny repoblika na ny mifamadika amin'zay ; - Raha ny tokony ho izy dia aleo aloha fidiana ny filohan'ny fokontany vao fidiana ny filohan'ny repoblika		
05	RANARIJAO NA Jean Jacques	PCED Arivonima mo	-	- Tokony mahasahy isika hametraka daty raikitra isaky ny fifidiana, ary ny CENI no tokony hamaritra ny daty ka tsy azo ovain'ny governemanta intsony		
06			- Na tapitra aza ny vanim-potoanan'ny			

			<p>orana dia mbola miakatra ihany ny rano, misy koa vanim-potoana hiasan'ny olona ka tokony ho jerena manokana izany.</p>			
07			<ul style="list-style-type: none"> - Fiantsoana ny mpifidy : 90 andro alohan'ny fifidiana, 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony hitarina io mba ahafahan'ny mpanao politika manentana ny olony ka hanana vitana kokoa izay tsy manambola ; - Hitarina ho enim-bolana farafaha keliny. 		
08			<ul style="list-style-type: none"> - , 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony ampiarahana ireo mba tsy andaniana vola be loatra - Samy fidiana mivantana avokoa ny filohampirenena sy ny solombavambahoaka 		
09			<ul style="list-style-type: none"> - Ny fifidianana ny avy any ambony foana no mandeha aloha hatramin'izay vao manaraka ny aty ifotony 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony ny fifidianana manakaiky vahoaka no mandeha aloha; manaraka ny eny amin'ny faritra sy ny faritany ary ny solombavambahoaka sy ny filoham-pirenena no farany ; 		
10	JEAN JACQUES François	TVM - RNM Toamasina		<ul style="list-style-type: none"> - Amin'ny fotoan'ny fialan-tsasatra no atao ny fifidianana 		
	RAHARINIRINA Jacques Aimé	VPdt antoko TAMBATRA		<ul style="list-style-type: none"> - Avadika ho vondrombahoaka hitsinjaram-pahefana ny fokontany ka manomboka any ny fifidianana ary miafara any amin'ny filohampirenena. 		
11	RABEHARISOA Sahara	FemWise Africa	<ul style="list-style-type: none"> - 	<ul style="list-style-type: none"> - Ny fifidianana filohampirenena eto Madagasikara no raketina mialohan'ny fifidianana filohampirenen'ireo firenen-dehibe hafa toy ny frantsa na ny amerikanina. 		
12			<ul style="list-style-type: none"> - Maharitra ela loatra vao mivoaka ny 	<ul style="list-style-type: none"> - Asesy isaky ny faritany ny fanaovana ny enregistrement biométrique 		

			valimpifidianana ka ilaina ny fampiasana biométrisation	ka iarahan'ny CENI sy ny MID misalahy mba hanafainganana azy ka ho vita isan-kerinandro isaky ny faritany - Avadika ho fifidianana biometrika no atao		
13			-	Manao cartographie ho an'ny "accessibilité" ny toerana tsirairay izay tena saro-dalana ; - Tokony audit-n'ny CENI manontolo mihitsy no atao fa tsy ny audit ny lisitry ny mpifidy fotsiny ihany		
14		Mpanao gazety	-	Ny tetibola hikarakarana fifidianana dia tokony efa voahoman'ny fanjakana Malagasy fa tsy hiantehitra foana amin'ny mpamatsy vola satria fanampiana ihany ny azy ireo.		
15			-	Na ho daty raikitra aza no hanaovana ny fifidianana dia tsy voatery hanaraka an'izay foana raha sanatria misy fanonganam-panjakana.		
16	rahaja	Gatfor	-	- Tokony ny vahoaka mivantana no mifidy azy ireny fa tsy ny mpifidy vaventy. - Ny Lehiben'ny Faritra dia tokony fidiana satria mitondra fampandrosoana eny amin'ny faritra ;		
17	RAKOTONA RIVO thierry	Filoha CENI	- Efa nandramana avokoa ny andro rehetra nanaovana fifidianana, alatsinainy hatramin'ny alahady. Ho anareo araka ny traikefa azonareo, inona ny andro tena mampazoto ny olona ?			

			<ul style="list-style-type: none"> - Eo ihany ny vahaolana, fa fotoana izao ahafantarana hoe inona ny olana nitranga niainanareo androsoantsika vahaolana. Andao hifampizara izany satria fotoanany izao ka rehefa hiatrika fikaonandoham-pirenena isika atsy ho atsy dia tsy efa vahaolana amin'izay no ifantohantsika. 			
18		Vondrona TAFITA antoko KITANA Mahajanga	<ul style="list-style-type: none"> - Mahakasika ny andro, ny zoma ho an'ny musulman, ny sabotsy ho an'ny advantista, ny alahady ho an'ny krisirtiana ; - Rehefa amin'ny fotoam-pialan-tsasatra dia lasa daholo ny olona ; 	<ul style="list-style-type: none"> - Aleo andro fiasana sy fianarana no atao ny fifidianana ka mijanona ho andro tsy hiasana nefa andraisankarama ihany amin'izay afaka daholo ny olona 		
19		ARMADA	<ul style="list-style-type: none"> - Ilaina ny fanaovana sensibilisation miaraka amin'ny mpanao politika ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena izay nahazo famatsiambola ; 	<ul style="list-style-type: none"> - Alarobia no andro mety kokoa amin'ireo andro rehetra ireo ; - Tsy mahazo misitraka taratasy avy amin'ny fokontany ireo tsy nanao enregistrement biométrique na tsy nanao fanoratana anaty lisitry ny mpifidy ; 		

			<ul style="list-style-type: none"> - Miainga avy any amin'ny fokontany ny fifidianana ka hatrany amin'ny filohan'ny Repoblika 			
20	Olga	Androy	<ul style="list-style-type: none"> - Olana be any aminay satria misy fanavakavahana miainga amin'ny lokon' antoko ny fampidirana na fanoratana anarana anaty lisim-pifidianana ; - Amin'ny androm-pifidianana dia voavidy vola avokoa ny mpikambana ao amin'ny birao-pifidianana ka tsy afaka mifidy malalaka ny olona 			
21	Tsaravelona	PRD		<ul style="list-style-type: none"> - Tsy tokony asiana marika manokana hamantarana ny fikambanana manohana ireo OSC manao activité 		
22				<ul style="list-style-type: none"> - Omena lanja ireo maro an'isa eto amin'ny famaritana ny androm-pifidianana. 		
23	RAKOTOMA HANINA James Andrianiain a	PSRMV		<ul style="list-style-type: none"> -Tsy tokony atao mialoha na aorian'ny fety ny androm-pifidianana 		

24	ATSIMBAZA FY Emérentien ne	Antoko AFO	<ul style="list-style-type: none"> - Ny androm-pifidianana dia andro tsy hiasana fa andraisan-karama. Ny mpiasan'ny zone franche anefa tsy mba misitraka izany alalana sy zo izany ka ary voasazy ara-bola raha mandeha manao ny adidiny ka tsy miverina ao amin'ny toeram-piasan, 1 ora ihany no ananany ; - 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony olona mahay sy mahafantatra ny andraikiny, mahafehy ny didy aman-dalana momba ny fifidianana ary mahay mamaky teny sy manoratra no mpikambana mandrafitra ny CLRE 		
		OSC	<ul style="list-style-type: none"> - Tsy nisy dikany ireny tatitra nalefanay reny tany amin'ny CENI ireny. 	<ul style="list-style-type: none"> - Mety aminay daholo ny andro rehetra, atao "obligatoire" ny fifidianana ka saziana izay tsy nifidy satria efa tsy niasa nefa nandray karama ; - Omena "force exécutoire " ny tatitra natao 		
25	TODIARIVO Pierre	MONIMA KA MIVIOMB IO	<ul style="list-style-type: none"> - 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony Talata voalohany amin'ny vola oktobra no hanaovana ny fifidianana 		
26	RABEHARIS OA Sahara	FemWise Africa	<ul style="list-style-type: none"> - 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony faritana mazava ny daty na amin'ny fifidianana filohan'ny fokontany na fifidianana hafa 		
27	JOHASY Eléonore	Coordonn ateur National TSARATAH AFINA	<ul style="list-style-type: none"> - 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony atambatra ny fifidianana filoham-pirenena sy ny solombavambahoaka ; - Tokony daty efa mazava, isaky ny fiafaran'ny fotoam-piasana ka tsy hisy fiovaovana intsony 		

				- Tokony faritana amin'ny fahefana miainga avy any amin'ny vahoaka ny rafi-pifidianana		
28	CLEMENT JAONA		<ul style="list-style-type: none"> - Art 52, eo anelanelan'ny 30 may hatramin'ny 30 novambra ny datim-pifidianana, ankoatran'izay olomboafidy tapitra fepotoam-piasana ; - Fandikan-dalàna ny nataon'ny CENI nanaiky ny ordonnance araka ny art 21, izay nanenkeny tamin'ny alalan'ny délibération nefa tsy nanao fitarainana tao anatin'ny 20 andro, mangataka mba ho saziana izay tompon'andraikitra 			

J1_Th3_Candidature

N°	Intervenant Mpandray fitenenana	Entité Avy amin'ny	Réactions Fanamarihana	Recommandations Soso-kevitra	Élément de réponse/ Entité source Valiteny raha misy	Observations
01	ALIMA	ADS DIEGO	<ul style="list-style-type: none"> - Tsy tokony hadika hoe "Fanavaozana" ny teny "Refondation", fanovana hatr@ fotony tokony jerena - Tsy misy vraie démocratie effective fa sarintsariny - Caution lafo loatra - Mora atao ny achat de conscience satra 80 à 90 % no analphabet 	-	-	
02	ALFA	PSOME	-	- Lalàna ny firotsaha-kofidiana ovaina 30 ans ny âge minimum	-	
03	ANDRIANARIVELO NAIVOSOA	FMI MALAGASY	-	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony ho hentitra amin'ny fanajana ny lalàna: - Bulletin de vote tokony pré-numéroté, atao gras ny caractère - Candidature tokony ho hentitra @ resaka nationalité - Raha lany dia aleo ny loi no manala ny nationalité-ny 	-	

04	TANTARA	MFM	50 ans après mbola miresaka constitution sy lalàm-pifidianana - Tena maniry sehatra	- ifampiresahana ny antoko - Hevitra omena ny CENI - Tokony partis politiques no ilatsahana eto Mada	-	
05			-	- Tokony afaka milatsaka daholo tsy misy fepetra rehefa nationalité Malagasy - Ny caution : tokony fantatra 3 mois à l'avance ny sandany ametrahana candidature - Montant tsy atao lafo be - Tokony olona mipetraka eto mahita ny fahoriany malagasy	-	
06	JAMES		-	- Asiana diplôme ny firosahan-kofidiana - Valider-na ny olona nanompo ny firenena, atao moitié ny montant de la caution - Ny fifidianana membres CENI et HCC tokony jerena - Asiana critère objectif - Tsy tokony ailika ny candidat indépendant fa tsy voatery anaty parti	-	

07	ANDONIAINA	VP 1 CENI teo aloha	-	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony manao safidy tsara ny olona tsirairay na anaty parti na tsia - Caution: tokony apetraka mazava hoe mbola ilaina ve, montant, - Fepetra famerenana caution 20% sa 10% ihany? 	-	
08	CHARLINE		-	<ul style="list-style-type: none"> - Olona ho président: 45 ans au moins d tokony efa nitana andraikitra ambony tamin'ny firenena - Fikarakarana dossiers atao 1 mois - Candidat indépendant efa lany lasa anaty parti politique 	-	
09	MARIUS	RADEAU	-	<ul style="list-style-type: none"> - Candidat tokony olona madio ara-ketra - Fepetra: double nationalité tsy tokony accepté fa aleo tena gasy tanteraka - 	-	
10		KMF CNOE	-	<ul style="list-style-type: none"> - Caution sy dossiers: atao anaty lalàna fa tsy anaty décret satria 3 mois avant foana vao fantatra fa tokony anaty loi mihintsy - Afaka ahena na foanana ny frais de participation - 21 ans âge min 	-	

11	BEANJARA PAUL	SFDM	<ul style="list-style-type: none"> - Inona no antony nasiana parti politique sy omena vahana ny indépendant 	<ul style="list-style-type: none"> - Rehefa te hilatsaka ho fidiana dia manangana parti na miditra anaty parti - Caution: montant averina @ taloha : Présidentielle 50 millions ar ; législatives 1 millions ar ; Communales 400.000 ar - Asiana diplôme baccalauréat minimum ny kandidà 	-	
12		ILO MADA	-	<ul style="list-style-type: none"> - Olona tsy mbola nisazy - Tsy manana affaires maloto de détournement - 211 bis sy nationalité : tokony mamela ny rehetra halalaka - Caution: tokony foanana ho an'ny vehivavy - Tsy mihoatra ny 5 millions ar ho an'ny lehilahy 	-	
13	JUSTINO, SGA	HVM	<ul style="list-style-type: none"> - Raha mitovy ny vato azon'ny tanora sy ny lehibe dia azon'ny lehibe ny fandresena 	<ul style="list-style-type: none"> -Raha mitovy ny vato azon'ny tanora sy ny lehibe dia averina ny fifidianana - Caution: mbola ilaina ve sa aheny amizay satria manilika sahadany ny tanora - Aleo hiala @ spectacle sy fizarana zavatra mandritra ny campagne électorale 	-	
14	Andry Rakoto	Mpandrindra nasionaly OJM	<ul style="list-style-type: none"> - Manam-pahaizana no nandrafitra ny lalàna fa ny fampiharana azy no olana 	<ul style="list-style-type: none"> - Fametrahana taratasy filatsahan-kofidiana: tokony même traitement ny rehetra - Resaka indépendance, candidat maire indépendant 	-	

				ka mitodika @ partis politiques		
15	Jean Louis		-	<ul style="list-style-type: none"> - Ny manana double nationalité tsy mahazo milatsaka saingy afaka mifidy - Tokony foanana ny caution - Tsy manam-bola ny majorité ny partis ka lasa kitoatoa ny projet - Démission 3 mois mialoha ny candidat @ administration 	-	
16	WILIAMSON	TIM	-	<ul style="list-style-type: none"> - Quitus fiscal: natao instrument politique ka halavaina ny délai de dépôt de candidature pour les voies de recours amin'izany - Nationalité: Malagasy ihany - Candidature indépendante: tokony anaty parti politique 	-	
17	JAMES FRANKLIN		- Maires indépendants no betsaka lany teto Mcar	Ekena hatrany ny candidature indépendante	-	
18	ERICA RAZAKARISOA	CENTRE ARRUPE MADA	- Pratique terrain: vitsy ny tanora mahafantatra ny lalàna car tsy accessible; tsy misy mampianatra fa oe mila maka initiative;	- Tsy atokana ho an'ny OSC ny éducation	-	

			-Lalàna tsy mis en VM			
19	DIDIER LUC	PCER ALAOTRA	<ul style="list-style-type: none"> - Ny lalàna ao daholo saingy lasa ny Fb no mifehy antsika. - In-3 miantaona ny décision OVEC vao mivoaka - Tsy mihatra mihitsy ny lalàna raha tsy mitory isika 	- mila mitory	-	
20			- Mankasitraka ny fijoroan' i PCENI	<ul style="list-style-type: none"> - Age min 35 ans - Tsy maintsy manana parti politique depuis 2009 	-	
21			- Olom-baovao foana no nanimba ny fiainam-pirenena	<ul style="list-style-type: none"> - Au moins 45 ans satria hita ny fitondran'ny tanora t@ ancien régime - Caution tokony equitable sy tsy misy discrimination fa tokony fixé par le code électoral 	-	
22	FRANÇOIS	JOURNALISTE ATSINANANA	-	<p>Caution :</p> <ul style="list-style-type: none"> - 45 ans Présidentielle - 35 ans Communales 	-	
23	JOHASY ELEONORE	TSARATAHAFINA	-	<ul style="list-style-type: none"> - Aleo ny mpanao pitika ihanyno milatsaka ho fidiana - Caution : tokony avoakan'ny CENI ny facture nanaovana ny BU mba ahitana ny tena tokony ho caution - Tsy misy olona manana double nationalité kandida 	-	

				- Sarotra raha lavitra ny toerana hakana ny taratasy candidature		
24		ANTOKO MAITSO	- Lalàna misy : anti-constitutionnelle - Art 72 constitution fanajana ny mandate impératif, tsy voahaja fa mbola misy indépendant	- antoko politika ihany no mifidy sy mandrotsaka kandida -	-	
25	RAHARINIRINA		-	- Gasy ihany - nationalité tokana - Madio t@ fitantanan-draharaham-panjaka, tsy misy dossiers judiciaires, voataiza tamin'ny antoko - Tsy misy kandida mahaleotena	-	
26			- Conditions d'éligibilité : - Velirano tsy tanteraka	- Condition d'éligibilité: concilier le mandat impératif et représentatif - Olona milatsaka tokony manana contrat électoral opposable; raha tsy tanteraka dia miala - Sorohana ny velirano marobe ka raha tsy réalisé à 25 % à mi-mandat dia miala	-	
27		AKFM FANAVAOZANA	-	- Fanavaozana: aleo aloha ny ariary no itadiavana solution - Raha mbola anaty ajustement structurel d zao fona	-	

28	ELIA RAVELOMANANTSOA	MACR ANTSIKA	- Nationalité: maro métisse ny zaza Malagasy -	- Ny domaine de souveraineté no tsy maintsy angatahana nationalité iray ihany – fahafahan'ny zanatsika manaraka ny mandray ny fahefana hitantana ny firenena	-	
29	RAMAROKOTO	AREMA	-	- Caution : tokony mifanaraka @ salaire minimum mba ialana @ resaka discrimination	-	

J2_Th4_Campagne électorale

N°	Mpandray fitenenana	Avy amin'ny	Fanamarihana	Soso-kevitra	Valiteny raha misy	Fanamarihana
01	Ramiandriso a Erico	TSARATA HAFINA	<ul style="list-style-type: none"> - Matetika tsy mitovy ny zo ananan'ny candidat mandritra ny fampielezankevitra ; - Mahazo vahana ny candidat akaiky ny fanjakana 	<ul style="list-style-type: none"> - Fotoana : tokony atao amin'ny fotoana ahafahan'ny candidat mandeha fiara. Foanana ny fampiasana helokôptera - Hevitra no tokony vohizina amin'ny campagne ary foanana ny fampiasana fanomezana, artiste - Tsy tokony hijery fotsiny ny CENI fa handray ny andraikiny 	-	-
02	Me RAVOAVISON Veron Narcisse, Avocat	RDS	<ul style="list-style-type: none"> - Aiza daholo no misy CENI ? (Fanontaniana ho an'i M. TRAORE). Prêcampagne tsy misy cadre juridique 	<ul style="list-style-type: none"> Ampidirina anaty code électoral : - ny momba ny prêcampagne - ny égalité d'accès aux médias - ny dépenses électorales - Amafisina ny pouvoir de suspension des diffusions d'information, pouvoir de mise en demeure ananan'ny CENI 	-	-
03	RAHARINIRINA Jacques Aimé (Vice-Président)	TAMBATRA	<ul style="list-style-type: none"> - Resaka momba ny PCENI sy ex-PCENI. 	<ul style="list-style-type: none"> - Ny CENI foana no resahantsika nefa tokony mba jerena manokana ihany koa ny fitsarana ; - Manankarena hevitra ireo ka tokony hiteny mazava tsara ny tokony hatao - Fotoana : omena 1 taona ny campagne présidentielle hitety ny Mcar amin'ny fiarakodia 	-	- Th11
04	Imbiky anaclet	MAMIMAND	<ul style="list-style-type: none"> - Ny kandidam-panjakana no tena manararaotra 	<ul style="list-style-type: none"> - Ampidirina ao amin'ny code électoral ny notion de prêcampagne ary atao miaraka amin'ny Campagne, Chap 2 amin'ny titre 2 (nanome proposition de texte izy ka Sensibilisation sy 	-	-

				famoriana olona no atao tsy mahazo manao inauguration, tsy mila mangataka autorisation)		
05	Rafitison Fidel	Ancien Préfet	<ul style="list-style-type: none"> - Ordre public : matetika misy fifandonana par rapport 2018-008. - Mbola tsy nisy candidat disqualifié hatrizay 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony hisy instructions avoaka miaraka eo amin'ny CENI sy MID - Disqualification : tokony ampiharina ny lalàna velona ary isaorana ny CENI. Tokony ho force exécutoire ity ataontsika ity 	-	-
06	Rajaonarifetra	Auditeur 2023	<ul style="list-style-type: none"> - Ny lalàna no milaza fa mitovy daholo ny fe-potoana omena ny kandida tsirairay amin'ny haino amanjeri-mpanjakana. Tsy toy izany kosa ho an'ny tsy miankina 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony arahi-maso ny stations privées ary tokony hanao izany ny CENI - Tokony misy sensibilisation manokana hitaizana ny olona any ambanivohitra mba tsy hanaraka izay tian'ny olobe momba ny resaka fidianana - Tokony asiana service spécial mihitsy eo amin'ny PAC sy BIANCO mba ahafahan'ny Chef District sy ny Préfet manao fitorohana - Tokony ajanona ny inauguration sy ny événement gouvernemental sy présidentiel mialoha sy mandritra ny campagne 	-	-
07			-	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony atao foana ny campagne fa mila ferana ny fe-potoana ary ampitoviana ny candidat tsirairay avy - Tsy mamory vahoaka fa misoko mangina any - Raha candidat tsy manana rafitra any amin'ny Commune dia tokony tsy hilatsaka fa mandany fotoana 	-	-
08	RANARIJAO NA Jean Jacques	PCED Arivonimamo	<ul style="list-style-type: none"> - Iza no anaterana rehefa misy ny fitarainana voaray mahakasika ny fampiasana kandidam-panjakana 	-	-	-

			na olona na fitaovam-panjakana - toa jeren'ny CED fotsiny satria tsy manana fahefana hisambotra sy hanasazy ny CENI/CED ? Sahirana ny CED.			
09	Andry RABARISOA	CONSEIL D'ETAT, Filoha	<ul style="list-style-type: none"> - Ny lalàna eto Mcar dia tsara lavitra noho ny any amin'ny firenena afrikana. - Rehefa manao lalàna isika dia tsy maintsy lava be. Oh: Momba ny financement de campagne efa ho 30 articles nefa ireo no tsy miasa indrindra 	<ul style="list-style-type: none"> - Rehefa manao texte dia ataovy fohy, mazava nefa afaka sy mora tanterahana 	-	-
10	RAKOTOMA HANINA James Andrianiaina	DPSE - MINJUS, PSRMV	<ul style="list-style-type: none"> - Fampiasam-bola : tsy nisy nanao tatitra hatramin'izay fa tsy nisy nahazo sanction 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony tsy ferana ny campagne satria mila beazina ny vahoaka - Rehefa mitombo ny débat dia mandray anjara ny tanora - Pré-campagne tokony 1 taona ny faharetany ho an'ny futur candidat fa ny campagne no atao 6 volana - Tsara ny manana adaptation amin'ny communication mahaliana ny olona eo an-toerana fa aza mionona amin'ny méthode traditionnelle - 	-	-
11	Simon RAKOTOARI MANANA	FITAMBO LAGNELA	<ul style="list-style-type: none"> - Fifidianana eto Mcar dia safidy voavidy amin'ny ankapobeny 	<ul style="list-style-type: none"> - Tokony atao anaty lalàm-pifidianana ny fandrarana fizarana zavatra mandritra ny fotoanan'ny fampielezankevitra - Fampiasana artiste mampivoana ka tsy mampivoaka ny tena safidy - Tsy tokony ekena ary atao anaty lalàna ny fampiasana angidimby - Fepotoana 	-	-

				<ul style="list-style-type: none"> - Pdtl : 3-6 volana - Legisl : 2 mois - sénateur : 2 mois - communales : 1 mois 		
12	Tantara	MFM	<ul style="list-style-type: none"> - Isaorana ny PCENI - Ny fotoana : kajikajy politika satria raha maharitra dia tsy hanana vola hanaovana campagne : ny fananam-pirenena mihitsy no ataon'ny mpanam-bola antoka hanaovana campagne 	<ul style="list-style-type: none"> - Fizaram-bola tokony esorina manomboka eo amin'ny fiantsoana ny mpifidy hatramin'ny campagne - 	-	-
13	Picot	Antoko Maitso	<ul style="list-style-type: none"> - Izay candidat tsy anaty fitondrana dia ilàna vaniny foana 	<ul style="list-style-type: none"> - Légifération de la campagne - Fotoana : ferana fa tsy mandavan-taona - Tsy tokony plafonner-na ny fonds de campagne par niveau d'élection satria volany io - Tokony hisy ny subvention au prorata des partis politique 	-	-
14	ANDRIANAS OLOHARIJA ONA Jocelyn	SSM	<ul style="list-style-type: none"> - Ny fonctionnaires ihany no tena mahita ny tsy fanarahan-dalàna amin'ny fampiasana ny fitaovam-panjakana ka izy ireo no tena tokony afaka mitoroka izany 	<ul style="list-style-type: none"> - Arovy izay mpitoroka ny fampiasana ny fitaovam-panjakana - Omeo bonification izay mahavita izany 	-	-
27	Tsy misy anarana		<ul style="list-style-type: none"> - Olona efa maty ela mbola tanaty lisitry ny mpifidy - Olona iray manana toeram-pifidianana roa samihafa - Tsy ampy traikefa ireo olona manatanteraka fanangonana ny lisitry ny mpifidy ka nisy diso anarana na diso adiresy - Lisitra petatoko no misy - Ireo chefs fokontany dia mahazo tsindry, ka nisy esoriny ao anaty Lisitry ny Mpifidy ny olona 	<ul style="list-style-type: none"> - Fidiana ny chef fokontany mba hiainga any ny fahatokisan'ny vahoaka amin'ny resaka fifidianana. - Atao Biométrique ny an-tanan-dehibe, manangana "brigades mobiles" ho an'ny toerana mbola lavitra teknolojia - Omena fiofanana mendrika ary atao tsara ny "indemnité" ireo olona manatanteraka azy - Fanamarinana isam-pokontany ny lisitra imasom-bahoaka (izany hoe fampafahafantarana ny vahoakam-pokontany fa ao na tsy ao anaty liste izy ireo NA/SY atao peta-drindrina isaky ny biraom-pokontany 		

28	Tsy misy anarana		<ul style="list-style-type: none"> - Betsaka loatra ny mpifidy tsy voasoratra anarana - Betsaka ny birao fandatsahambato tsy ara-dalàna faosika (BV Fictifs) 	<ul style="list-style-type: none"> - Sazina ny olona tokony hifidy tsy misoratra anarana ary ho sazina koa ny tomponandraikitra minia tsy manoratra anaran'ilay mpifidy - Mila voaporofa tsara ny fisian'ny birao fandatsaham-bato rehetra (contrôlable par GPS ou par Satellite) 		
29		ANTOKO OTRIKAFO	<p>Ny CENI dia organisme appelé à disparaître raha ny hevitra ny Antoko OTRIKAFO manokana sy ny antoko politika ary ny fikambanana maro samihafa satria zavamisy tao députation sy communale farany teo fa samy manana ny régions iray na roa na telo samihafa niandraiketany ireo membres de bureau sivy ary to teny ireo membres CENI samihafa tao anatin'ny Région(s) niandraiketan'izy ireo tsirairay.</p> <p>Etsy andaniny koa anefa dia mbola teo ambany tsindrin'ny manampahefana te ambany fiandraiketan'ny Minisitry ny Atitany izy rehetra ireo ka tsy maintsy manatanteraka ny baiko rehetra avy any.</p>	<p>Tokony atao Directions Générales en charges des élections et référendaire ny CENI ka amin'izany dia 1 tsy afa-miala andraikitra ny ministry ny atitany en personne fa raha tsy misy tsy mety hatrany amin'ny madinika indrindra dia izy no tapa-doha ka voatery izy tsy maintsy hanao izay mampety ny rehetra eo ampelatanany mba hanarahan'ny rehetra ny lalàna sy ny fahamarinana;</p> <p>2 au lieu de hanara-maso olona sivy (9) membres de bureau CENI dia olona iray ihany (ny Minisitry ny ATitany no arahimaso raha misy zo tsy mety.</p> <p>3 Tsy mandany vola be Tsotra ny ahazoana lisitry ny mpifidy madio sy azo itokisana</p>		
			Saroitra ny ahafantaran'ny Filoham-pokontany ny olona tsirairay ao anatin'ny fokontany iray	Raha asiana tompon'andraikitra iray isaky ny trano 10 na 20 dia afaka manara-maso ny lisipifidianana manomboka any ambany hatrany		

				ambony iray tompo'andraikitra iray.		
30		BIANCO	<ul style="list-style-type: none"> - Fisoratana anarana miverimberina na fisoratana anarana sandoka; - Fampidirana olona efa maty, mbola tsy ampy taona, na tsy monina ao amin'ilay toerana ao anaty lisitry ny mpifidy; - Fanodinkodinana ny lisitry ny mpifidy; - Fahasarotana na fanavakavahana amin'ny fanomezana kara-panondro (CNI); - Tsindry ara-politika atao amin'ireo mpiasan'ny fanisana sy fisoratana anarana ary amin'ireo tompo'andraikitra eny ifotony. 	<ul style="list-style-type: none"> - Hampiditra tsikelikely ny teknolojia nomerika ary hiaro tsara ny rakitry ny mpifidy; - Hamorona karatra biometrika ho an'ny mpifidy; - Hanamafy ny fanaraha-maso ny fanomezana kara-panondro (CNI) mandritra ny vanim-potoanan'ny fifidianana; - Hampandraisana anjara ny Lehiben'ny Fokontany amin'ny dingana rehetra amin'ny fanisana sy fisoratana anarana; - Hametraka ny sarin'ny mpifidy ao anatin'ny lisitry ny mpifidy; - Hanentana ny olom-pirenena hijery sy hanamarina tsy tapaka ny fisoratany anarana ao anaty lisitra; Handrara ny fanaovana didim-pitsarana fanoloana (jugement supplétif) betsaka mandritra ny vanim-potoanan'ny fifidianana; - Hanamafy ny fomba fitoriana sy fampahafantarana ny tsy fanarahan-dalàna sy ny hosoka amin'ny fifidianana. 		

Anaran'ny mpandray an-tsoratra :

TH2_Calendrier électoral

TABLEAU DE TRANSCRIPTION DES RECOMMANDATIONS ÉCRITES DES PARTICIPANTS
THEMATIQUE n° 02 Calendrier électoral **Date : 28/05/2026 et 29/05/2026**

N°	Mpandray fitenenana	Avy amin'ny	Fanamarihana	Soso-kevitra	Valiteny raha misy	Observations
1	Yves RAMARIJAO NA	Antoko Politika	Fotoam-pifidianana	<p>Atao main-tany (<i>eo anelanelan'ny mey sy desambra</i>) sy araka ny fanapahan-kevitra ny CENI:</p> <p>Fifidianana Filoham-pirenena fiodinana voalohany (<i>alarobia fahatelo amin'ny volana septambra</i>),</p> <p>Fiodinana faharoa raha misy (<i>alarobia voalohan'ny volana desambra</i>)</p> <p>Fifidianana depiote, senatorialy ary kaominaly, rezionaly (<i>alarobia faharoa ny volana jona</i>)</p> <p>Atao miaraka ny fifidianana sefo Fokontany sy ny fifidianana Kaominaly</p> <p>Atao avy eo ny fifidianana depiote</p> <p>Manaraka izany, atao miaraka ny fifidianana rezionaly sy senatorialy (grands électeurs)</p>		
2		ME MADA	Vanim-potoana fifidianana	<p>-Mila fantatra telo volana mialoha ny fahafantarana ny fitsipi-dalao indrindra ny vola aloha amin'ny fifidianana (caution)</p> <p>-Avereno ao anatin'ny ministeran'ny Atitany ny fandrindrana ny fifidianana</p> <p>-Ny olona tsy very zo , tsy manana zom-pirenena vahiny na tsy double nationalité dia tokony</p>		

				afaka milatsaka avokoa raha tiany izany Aleo apetraka ny système tsara toy ny système informatique, karapanondro biométrique		
3	Pst Mailhol	GFFM	- Fifidianana amin'ny andro fahavaratra - Fohy ny fotoana hanatanterahan' ny vahoaka ny fizotry ny fifidianana sy ny fampielezan-kevitra - Tara be ny famoahana ny voka-pifidianana ka miteraka ny hala-bato	- Tsy atao amin'ny andro fahavaratra ny fifidianana - Iray taona ny fampahafantarana ny vahoaka fa hisy fifidianana -Iray taona ny fampielezan-kevitra		
4	GAR:Gasikara Antsika Rehetra			-Ny fifidianana eny amin'ny fokontany no tokony ho atao voalohany vao miroso miakatra -Tsy atao amin'ny fotoam-pahavaratra ny fifidianana ankoatran'ny an'ny fokontany		
5	Ilo Mada		Sefo fokotany ,Ben'ny tanàna,Solombav ambahoaka, faritra,Filoha-Filohan'ny pirenena -Isika Malagasy dia voazara telony	-fidiana amin'ny eo anelanelan'ny volana Mey ka hatramin'ny vola Aogositra		

			<p>finoana:Kristiani na (mivavaka asabotsy na alahady),silamo (mivavaka zoma),Mpadala ny fomba Malagasy</p>	<p>-Alarobia no tokony hanaovana fifidianana</p> <p>-Tokony ho ampitomboina ho 150 andro na dimy volana fa tsy 90 andro ny fiantsoana mpifidy</p>		
6	Tsy misy anarana			<p>- Alatsinainy na alarobia fa ny talata dia mety ihany saingy ho an'ny toe-tsain'ny Malagasy dia talata gorobaka</p>		
7	Tsy misy anarana		<p>Sahirana be rehefa amin'ny Andro avy orana no anaovana fifidianana</p>	<p>- Fiantsoana ny mpifidy :itarina atao 6 volana raha azo atao</p> <p>-Atao Andro tsy iasana sy ianarana manerana ny nosy satria ny hita diam bola misy orinasal miasa na Andro-pifidianana aza (azo atao anaty lalam-pifidianana)</p> <p>- Atao amin'ny vanimpotoana maintany ny fifidianana</p>		
8	Tsy misy anarana		<p>Tsy mazoto mifidy ny olona fa tsy foiny hanapaka ny Andro fiasana na any antsaha</p>	<p>Fantarina ny Andro fady iasan'ireo tantsaha maro an'isa dia iny no Andro anaovana ny fifidianana</p> <p>Ohatra : faritra analanjirofo talata sy alakamisy no Andro fady tsy handehanan'izy ireo mamboly any antsaha</p>		

9			<p>1/Andro fandatsaham-bato</p> <p>2/Fividianana olona</p>	<p>1/Tsy tokony atao fahavaratra na manakaiky andro fety ny andro fandatsaham-bato</p> <p>2/Betsaka ny olona no tsy mahay mamaky teny sy manoratra nefa sady monina any ambanivohitra koa tokony hohatevenina ny serasera mahakasika ny raharaham-pifidianana rehetra mba tsy ho voafitaka lava</p>		
10			<p>Lafo loatra ny anto-bola ary misy fepetra hafa tokony hotakiana amin'ny mpirotsa-kofidiana</p>	<p>1/Ny antobola dia tokony ho :</p> <ul style="list-style-type: none"> -50.000.000 ariary ny an'ny Filohampirenena -1.000.000 ariary ny an'ny Solombavambahoaka -400.000 ariary ny an'ny Ben'ny Tanàna <p>2/Tokony ho antoko pôlitika no manolotra olona hofidiana satria pôlitika no itondrana ny firenena</p> <p>3/Mila manana baccalauréat ny olona mirotsaka ho Solombavambahoaka satria handinika Lalàna</p> <p>4/Izay eo am-pitantantanana raharaham-panjakana ka te-hirotsaka hofidiana dia tokony mametra-pialàna 3 volana mialoha ny datim-pifidianana</p>		
11				<p>1/Tokony hatao amin'ny andro main-tany, izany hoe volana mey ka hatramin'ny oktobra ihany ny fanatanterahana ny fifidianana</p> <p>2/Tokony atomboka avy amin'ny Fokontany ny fifidianana voalohany</p>		

				<p>3/Tokony ho ny CENI ihany no mamaritra ny tetiandrom-pifidianana</p> <p>4/Tokony hofidian'ny vahoaka mivantana koa ny Lehiben'ny Faritra</p> <p>5/Tokony hatao andro Talata na Alarobia hatrany ny andro fandatsaham-bato</p> <p>6/Tsy tokony hisy intsony ny fampiasana Hitsivolana (Ordonnance) amin'ny fotoam-pifidianana</p>		
12			Malaina hifidy ny olompirenena	<p>1/Tokony amin'ny fialantsasatra lehiben'ny mpianatra no anatanterahana ny fandatsaham-bato, ary tsy tokony hatao amin'ny fotoana mahasahirana ny vahoaka</p> <p>2/Tokony atomboka avy any ifotony (Fokontany) ny fanatanterahana ireo fifidianana rehetra ka miafara amin'ny fara-tampony (Filoham-pirenena)</p> <p>3/Tokony hamafisina ny serasera rehetra mahakasika ny fifidianana</p>		
13			1/Matetika fotoana tsy mahafaka ny ankamaroan'ny mpifidy no anaovana ny fifidianana (akaiky fety, be orana)	<p>1/Tokony hatao eo anelanelan'ny volana Mey sy Oktobra ny andro fandatsaham-bato</p> <p>2/Tokony atao andro fady satria izay no mahafaka ny ankamaroan'ny tantsaha</p>		
14			1/Toa ao anatin'ny fahavaratra na	1/Tokony ho ao anaty fiakaram-bokatra no hatao ny fifidianana		

			<p>tsy fisiam-bokatra foana ny fifidianana no natao</p> <p>2/Rafitra tsy mahatapak'ahitra ny CENI (mbola miandry baiko avy amin'ny Fitondrana)</p> <p>3/Tokony amafisina ireo mason-tzivana mikasika ireo fepetra firotsahan-kofidiana</p> <p>4/Tokony ny marimaritra iraisana hatrany no katsahina ialàna amin'ny fikorontanana</p>	<p>2/Tokony hampiakarina ny maripahaizana farany ambany indrindra amin'ireo mpirotsa-kofidiana</p> <p>3/Tokony hahena ny isan'ny antoko pôlitika eto amin'ny firenena</p>		
15				<p>/Tokony hotazomina foana ny anatanterahana ny fifidianana velan'ny fahavaratra, na inona intony na inona</p> <p>/Tokony haverina amin'ny CENI ny anapahana ny etyandrom-pifidianana fa tsy an'ny governemanta</p>		
16			1/Fiverimberena n'ny fisoratan'ny olona iray			
17		BIANCO	Fanovana na fanodinkodinana ny fandaharam-pot	Hametraka fepetra mazava sy mangarahara amin'izay fanovana rehetra atao amin'ny		

			oanan'ny fifidianana; Fanemorana niniana natao ny daty sy fe-potoana voafaritra; Fampiasana ny fandaharam-potoanan'ny fifidianana ho fitaovana politika.	fandaharam-potoanan'ny fifidianana; Hampahafantatra betsaka amin'ny vahoaka ny tetiandro sy ny dingana rehetra amin'ny fifidianana; Hampandraisana anjara ny mpisehatra rehetra voakasiky ny fifidianana amin'ny fandrindrana sy fanomanana azy; Hiantoka ny fahaleovantenan'ny CENI eo amin'ny asa sy ny fitantanam-bola; Hanamafy ny mangarahara momba ny famatsiam-bola ampiasaina amin'ny fizotry ny fifidianana.		

Anaran'ny mpandray an-tsoratra :

TH3_Candidature

TABLEAU DE TRANSCRIPTION DES RECOMMANDATIONS ÉCRITES DES PARTICIPANTS

THEMATIQUE n°

03 Candidature

Date :28/05/2026

N°	Mpandray fitenenana	Avy amin'ny	Fanamarihana	Soso-kevitra	Valiteny raha misy	Observations
1		ANTOKO OTRIKAFO	<p><u>211-BIS</u>: citizen tsy manana fahafahana handoavanketra fa mpanofa trano satria ny tompontranony dia tsy mahaloa hetra nanomboka 2023 (fifidianana 2024) Nefa na ny taratasy fitakiana hetra 2023 sy 2024 aza mbola tsy mivoaka ny ao amin'ny CUA</p>	<p>Tsy misy hidiran'ny mpanofa trano @ tsy fandoavan'ny tompontranony hetra ka tokony omena baiko momba izany ny C.U.A. sy ny Centre Fiscal</p>		
2		ANTOKO OTRIKAFO	<p>Lafo loatra ny caution</p>	<p>Tsy tokony mihoatra ny SMIG raha afaka milatsaka ny indépendant (député, Chef de Région, Sénateur, PRM)</p>		
3		ANTOKO OTRIKAFO	<p>Olona nanao fahotana mahafaty teto amin'ny firenena nefa mbola tsy misy didim-pitsarana tsy azo ivalozana (jugement définitif) manasazy azy DIA MBOLA AFAKA</p>	<p>Raha vao misy preuves na indice sérieux dia tokony tsy mahazo milatsaka ilay olona na mbola tsy misy procédure judiciaire miaianga aza</p>		

			MILATSAKA HOFIDIANA raha ny lalàna misy ka lasa maharikoriko ny olona				
4			Lafo loatra ny anto-bola ary misy fepetra hafa tokony hotakiana amin'ny mpirotsaka hofidiana	1/Ny antobola dia tokony ho : -50.000.000 ariary ny an'ny Filohampirenena -1.000.000 ariary ny an'ny Solombavambahoaka -400.000 ariary ny an'ny Ben'ny Tanàna 2/Tokony ho antoko pôlitika no manolotra olona hofidiana satria pôlitika no itondrana ny firenena 3/Mila manana baccalauréat ny olona mirotsaka ho Solombavambahoaka satria handinika Lalàna 4/Izay eo am-pitantanana raharaham-panjakana ka te-hirotsaka hofidiana dia tokony mametra-pialàna 3 volana mialoha ny datim-pifidianana			
5			1/Mila manam-bola vao afaka mirotsaka hofidiana 2/Mila mahalala mpanao pôlitika na mpanam-bola manohana vao afaka mirotsaka hofidiana	1/Tokony ho zakan'ny be sy ny maro ny anto-bola amin'ny fifidianana 2/Tokony ho olona tena mponina eto Madagasikara ihany no mahazo milatsaka hofidiana satria ireny no tena mahalala ny marary ny vahoaka 3/Tsy tokony hisy ny firotsahan-kofidian'ny mpanjaka fa mampisy tsindry hazolena eny ifotony izany 4/Tokony tsy hoekena koa ny firotsahan-kofidiana tohanan'ny mpanambola satria manjary ny sitrapony no hotanterahina fa tsy ny an'ny vahoaka			

6			<p>1/Tsy dia mahafantatra ireo Lalàna mahakasika ny fifidianana ny olompirenena</p> <p>2/Tsy resy lahatra amin'ny fifidianana ny tanora</p>	<p>1/Tokony hatao amin'ny teny Malagasy ny fehezan-dalàna mikasika ny fifidianana mba ho mora azon'ny olompirenena tsirairay</p> <p>2/Tokony homena fampiofanana ny tanora sy ny mpanara-maso ary ny tompon'andraikitra eny ifotony alohan'ny hanaparitahana azy ireo</p> <p>3/Tokony ho mora hita sy azo ireo lalàna rehetra mifehy ny fifidianana</p>		
7		Julio NICOLAS		<p>1/Tokony hisy mari-pahaizana farany ambany mba ananan'ny mpirotsaka hofidiana :</p> <ul style="list-style-type: none"> *Sefo Fokontany : BEPC *Ben'ny Tanàna : Bacc *Lehiben'ny Faritra : Master *Lehiben'ny Faritany : Master <p>no ho mihoatra</p> <p>2/Tokony ho olona efa matotra (50 taona no ho mihoatra) no mahazo mirotsaka hofidiana</p>		
8			<p>Be tsy andraofana ny mpirotsaka hofidiana tamin'ireo fifidianana nifanesy teo aloha</p>	<p>Tokony ampiakarina ny tahan'ny anto-bola</p>		
9			<p>Toa izay manam-bola foana no afaka mirotsaka sy lany amin'ny fifidianana rehefa</p>	<p>1/Tokony hamoraina ny sandan'ny anto-bola arotsaka amin'ny firotsahan-kofidiana</p> <p>2/Tokony ho olona manam-panahy sy fahendrena azy fahaizana avokoa no mahazo mirotsaka hofidiana</p>		

			lany indray ilay olona dia mitovy amin'ny fitondrany ny orinasany no itondrany ny fari-piadidiana iandraiketany. Ny mpirotsa-kofidiana na tsy miankina dia lasa mirona amin'ny antoko pôlitika indray rehefa lany	3/Tokony ho 30 taona farafahakeliny ka hatramin'ny 70 taona farafahabeny 4/Tsy tokony hisy intsony ny mpirotsaka hofidiana tsy miankina fa avy amin'ny antoko pôlitika ihany 5/Tokony hamafisina fa olona mbola tsy nisazy no mahazo mirotsaka hofidiana		
10			1/Mikasika ny zom-pirenena 2/Fametrahana firotsahan-kofidiana	1/Mila hiadiana hevitra tsara mandritra ny fikaonandoham-pirenena 2/Mila hentitra amin'ny fanamarinana ireo antontan_taratasy firotsahan-kofidiana 3/Ny anto-boladia ilaina hanavahana ireo mpirotsa-kofidiana tena mendrika		
11			1/Firotsahan-kofidiana'ireo tsy miankina 2/Ny antoko pôlitika no tompon'andraikitra tamin'ireo krizy niverimberina sy ny fifehezana ny rafi-panjakana ho an'ny tombontsoany manokana	Mirona amin'ny kolikoly avokoa ireo lany tamin'ny antoko pôlitika matoa lany ny tsy miankina ka izay safidin'ny maro an'isa satria izay no mila hajaina		
12			1/Tsy afaka mitady	1/Mila manana zom-pirenena Malagasy ary nonina tanteraka teto		

			<p>vahaolana ho an'ny Malagasy mihitsy raha toa ka tsy olona monina eto no mirotsaka hofidiana 2/Anto-bola 3/Mpirotsa-kofidiana</p>	<p>nandritra ny 3 volana farafahakeliny alohan'ny andro voalohany fandrotsahana ny antontan-taratasy no tokony ho mahazo mirotsaka hofidiana 2/Tokony hofoanana ny "tsy miankina"</p>		
13			<p>1/Fanjakazakan'ny mpanam-bola akaikin'ny mpitondra 2/Fifehezana ny rafi-panjakana ho an'ny tombontsoa manokana</p>	<p>1/Tokony hofehezina ny vola lany amin'ny fifidianana 2/Tokony atsangana ny Vaomieran'ny fanaraha-maso ny famatsiam-bola sy ny fiainana politika eto Madagasikara 3/Tokony hofoanana ny anto-bola fa hiantohan'ny fanjakana tanteraka 4/Tokony hofaritana ny mari-pahaizana farany ambany ho an'ireo mpirotsa-kofidiana arakaraka ny ambaratongam-pifidianana 5/Tokony ho main-tany hatrany no anatanterahana ny fifidianana 6/Tokony hamorona Lalàna mahakasika ny kolikoly ara-pifidianana, fanaraha-maso ny fananan'ny olom-boafidy, fanaraha-maso ny famotsiam-bola amin'ny fifidianana 7/Tokony homena ny fitaovana sy ny vola sahaza azy ny CENI hanatanterahany ny andraikiny 8/Tokony hodihina ny fahafahan'ireo Malagasy monina any ivelany hifidy</p>		

14			<p>-Mitsoka foana ireo izay manana double nationalitérehefa avy managona harena eto Madagasikara -Ny Malagasy no terena hanatsarana ny farim-piainan'ny firenena hafa.</p>	<p>-Tsy mahazo mirotsaka ho fidiana amin'ny fifidianana rehetra ireo olona manana zom-pirenena hafa ankoatra ny Malagasy. -Rehefa tsy Malagasy ihany koa ny Ray sy Reny na par naturalisé na par affiliation na par déclaration.</p>		
15		BIANCO	<p>- Tsy fitoviana amin'ny fomba itondrana sy andinihana ny antontan-taratasy - Fanaovana kolikoly amin'ny fisoratana anarana ny kandidà; - Fandraisana sy fanekena antontan-taratasy tsy feno na tara loatra; -Fampiasana ny fomba fiasa ara-pitantanana sy ara-pitsarana ho fitaovana hanatanterahana tanjona politika.</p>	<p>- Hametraka toerana tokana (Guichet unique) handraisana sy hikarakarana ny antontan-taratasin'ny kandidà; - Hanamafy ny fanamarinana ny maha-ara-dalàna sy maha-marina ireo antontan-taratasy; - Hamoaka ampahibemaso ny antony tsy nahazoana nandray ny filatsahan-kofidiana; - Hanao fanadihadiana momba ny fitondran-tena sy ny lazan'ny kandidà; - Hitaky ny Bulletin laharana faha-2 sy faha-3 ao anatin'ny antontan-taratasin'ny kandidà; - Hampanao sonia taratasy fanoloran-tena momba ny etika amin'ireo mpikambana ao amin'ny OVEC sy ireo tompon'andraikitra voakasika; - Hanentana ny kandidà momba ireo fandikan-dalàna mifandraika amin'ny kolikoly amin'ny fifidianana; - Hametraka sazy henjana sy mahatahotra ho an'izay manao hosoka amin'ny antontan-taratasy na manao kolikoly.</p>		

Anaran'ny mpandray an-tsoratra :

TH4_Campagne électorale

TABLEAU DE TRANSCRIPTION DES RECOMMANDATIONS ÉCRITES DES PARTICIPANTS

THEMATIQUE n° 04 Campagne électorale

Date :28/05/2026

N°	Mpandray fitenenana	Avy amin'ny	Fanamarihana	Soso-kevitra	Valiteny raha misy	Fanamarihana
1			Fampielezankevitra harahina herisetra no misy amin'ny fifidianana	Asio sécurisation tsara ireo olona manao observation fa mahazo menace. Asio règlement tsara ny mpanao politika rehefa manao campagne mba tsy hifandraatra Tokony ataony mazava tsara koa ny cartographie ny candidat rehefa manao campagne mba tsy hifanindry toerana ka lasa hiteraka korontana. Ny vola tokony hatao mitovy daholo ny hampiasana azy eo amin' ny campagne ho an'ny Partie politique		
2			Fampiasana ny fitaovam-panjakana	Aoka hitovy ny fitaovana ho entina manatanteraka ny fampielezan-kevitra		
3			Tsy fitoviana ny fahazoana ny haino vaky jery	Ny mpilatsaka ho fidiana afaka mampiasa ny haino vaky jery		
4			Fizarana vola , zavatra	Foanana mandritra ny fampielezan-kevitra ny fizarana vola na zavatra		
5			Ny volan'ny fampielezan-kevitra	Mifampitohy ary miankina amin'ny volan'ny fampielezan-kevitra		
6		ANTOKO ALFA	Fomba na fitaovana entina manao fampielezan-kevitra : misy any amin'ny faritra ny manao	Enjehina araka ny lalàana raha misy ny lalàna mifanandrify amin'ny fanerena ny olona hifidy ny		

			fampielezankevitra amin'ny alalan'ny foko ka manery ankolaka na mivantana ny olona hifidy ny kandida mitovy foko aminy	"candidat" mitovy fihaviana (foko) aminy.		
7			Ny affichen'ny cadidat eny amin'ny toerana akaikin'ny biraom-pifidianana izay tsy mbola miala mandritra ny androm-pifidianana nefa ny lalàna mandrara ny fanaovana tee-shirt mandritra ny androm-pifidianana	Tsy maintsy esorina avokoa ny "affiche" rehetra rehefa mifarana ny fe-potoanan'ny fampielezan-kevitra		
8				Tsy miandany na amin'iza na amin'iza ny sefompokontany sy ny mpiara-miasa aminy satria solotenam-panjakana Ny mpitarika an'ilay antoko eo an-tanana no tokony ampanaovina ny andraikiny		
9			Ireo antoko politika mbola manao campagne amin'ny androm-pifidianana, manome vola ny olona hifidy	Fampiharana y lalàna ho an'izay tratra, ary asiana olona manaramaso avy amin'ny CENI satria ny eo amin'ny Fokontany matin'ny henamaso dia tsy sahy milaza amin'izay tompon'andraikitra		
10			2/Vanim-potoana fampielezan-kevitra	2/Tokony tsy ho ferana ny fampielezan-kevitra rehefa tsy mampiasa fitaovam-panjakana		

11			Voakihana- tsy mahazo toerana ao amin'ny haino aman-jery an'ny fanjakana ny Antoko sasany indrindra ireo mpanohitra	Ampitoviana ny fandraisam-pitenenana ao amin'ny haino aman-jery an'ny fanjakana (TVM-RNM)		
12			Malemy ny rafitra ao amin'ny CENI	Atao "Institution" mihitsy ny CENI mba hahaleo tena ary afaka mandray anjara mivantana avy hatrany amin'ny fanatanterahana ny lalàna mifehy ny fampielezan-kevitra sy ny maro voalazan'ny lalàna.		
13	<input type="checkbox"/>		Tsy voahaja mihitsy ny tsy fiandanian'ny Fitondrana ny raharaham-panjaka a	1/Tokony haraha-maso hatrany ny tsy fitanilàn'ny mpitondra 2/Tokony hosaziana izay antoko pôlitika tsy nanao tatitra momban'ny fandania tamin'ny fampielezankevitra 3/Tsy tokony handray fanapahan-kevitra stratejika ny mpitondra 4/Toy izany koa ny fanasaziana ireo antoko pôlitika izay tsy milaza ny loharanom-bolany		
14			Maro ny olom-pirenena sy fiarahamonina tsy mahatakatra ny maha zavadehibe ny fifidianana olona na antoko araka ny	Tsy atao mihoatra ny telo volana ny fotoanan'ny fampielezankevitra fa kosa - omena sehatra betsaka kokoa ary maimaimpoana amin'ny haino aman-jery-panjakana ny OSC hanao éducation		

			fotokevitra ijoroany sy ny programan'asany	électorale farafahakeliny 6 volana mialoha ny fanombohan'ny fampielezan-kevitra ary motohy izany mandritra ny fampielezan-kevitra		
15		ANTOKO OTROKAFO	-Momba ilay fepotoana omena ny candidat tsirairay : na efa samy omena fotoana aza izy ireny dia misy ny tsy mampiasa azy . Ahitana taratra izany ny any amin'ny faritra. - Momba plage fampilezankevitra ataon'ireo tv privé : misy ny kandida manana fahitalavitra mahazo milatsaka	Mila apetraka ilay rafitra hanaramaso ny fanarahamaso momba ny candidat tsirairay Tokony hampitoviana ny vola ny haino amanjery satria tsy mitovy refiny tratran'ireo kandida ireo		
16			Tsy mahafantatra ny anjara andraikitra ny ireo agents Verbalisateur	Hamafisina ny fampiofanana omena azy ireo, ary ampiarina amin'ny sazy rehefa tsy manao ny andraikiny izy		
17			Fizarana zavatra	Atao critère de disqualification avy ny fizarana zavatra mandritran'ny campagne satria ACHAT DE VOTE dikan'izany. Miantoka ny EQUITE candidats ihany koa ny fandrarana io pratique io		
18			Fomba fanehoan-kevitra	Atao critère de disqualification endrika violences électorales rehetra indrindra fa ny fanaratsiana		

				ny candidat hafa. Ny tanjona dia mba ny HEVITRA no hangjaka, sady fitaizana ny vahoaka ihany koa		
19			Insécurité ny vehivavy mpirotsaka ho fidina mandritry ny fampielezan-kevitra	-Mba tokony hamafisina tsara ny sécurité ny vehivavy kandida mandritry ny campagne électorale: izany hoe: ny sécurité physique tokony hatsarina ary tsy tokony hisy ny attaque personnelle hoan'ny kandida vehivavy Fehiny: Tsy tokony hisy ny violence basée sur le genre ary tokony hosazina izay minia manao an'izay fa lasa mampihemotra ny vehivavy handray anjara amin'ny fifidianana.		
20			Fampielezan-kevitra arahina herisetra no misy amin'ny Fifidianana	Asio sécurisation tsara ireo olona mnao observation fa mahazo menace, Asio règlement tsara ny mpanao Politique rehefa manao campagne mba tsy hifandraatra - Tokony atao mazava tsara ny cartographie ny candidat rehefa manao campagne mba tsy hifanindry toerana ka lasa hiteraka korontana - Ny vola tokony atao mitovy daholo ny hampiasana azy eo amin'ny campagne ho an'ny mpanao politique -		
21			1-Fampiasana ny fitaovam-panjakana 2-Tsy fitoviana ny	Aoka hitovy ny fitaovana ho entina manantanteraka ny fampielezan-kevitra - Ny		

			<p>fahazoana ny Aino Vaky Jery, 3- Fizarana vola na zavatra, 4-Ny volan'ny fampielezan-kevitra</p>	<p>mpilatsaka ho fidiana afaka mampiasa ny Aina Vaky Jery - Foanana mandritrin'ny fampielezan-kevitra ny fizarana vola na zavatra - Mifampitohy ary miankina amin'ny volan'ny fampielezan-kevitra</p>		
22			<p>Fomba sy fitaovana entina manao fampielezan-kevitra - Misy any amin'ny faritra ny manao fampielezan-kevitra @ alalan'ny foko ka manery an-kolaka na mivantana ny olona hifidy ny kandida mitovy foko aminy - Ny affichen'ny candidat eny amin'ny toerana akaikin'ny biraom-pifidianana izay tsy mbola miala mandritra ny androm-pifidianana nefa ny lalàna mandrara ny fanaovana tee-shirt mandritra ny androm-pifidianana</p>	<p>- Enjehina araka ny lalàna raha misy ny lalàna mifanandrify amin'ny fanerena ny olona hifidy ny "Candidat mitovy fiaviana (foko) aminy. - Tsy maintsy esorina avokoa ny affiche rehetra rehefa mifarana ny fetran'ny fampielezan-kevitra</p>		
23			<p>Maro ny olom-pirenena sy fiarahamonina tsy mahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fifidianana olona na antoko araka ny</p>	<p>Tsy atao mihoatra ny 3 volana ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra FAKOSA - Omena sehatra betsaka kokoa ary maimaim-poana amin'ny hainaman-jery m-panjakana ny OSC hanao</p>		

			<p>fotokevitra ijoroany sy ny programanasany. Tsy ampy ny fahafahan'ireo fikambanana eny ifotony manentana ho amin'ny "Vole éclairé et responsable"</p>	<p>Education Electorale farafahakeliny 6 volana mialohan'ny fanombohan'ny fampielezan-kevitra ary mitohy izany mandritra ny fampielezan-kevitra.</p>		
24			<p>Voakiana - Tsy mahazo toerana ao amin'ny haino aman-jery an'ny fanjakana ny Antoko sasany , indrindra ireo mpanohitra - Malemy ny rafitra ao amin'ny CENI</p>	<p>Ampitoviana ny fandraisam-pitenenana ao amin'ny haino aman-jery an'ny fanjakana (TVM - RNM) - Atao "Institution " mihitsy ny CENI mba haleotena ary afaka mandray anjara mivantana avy hatrany amin'ny fanantanterahana ny lalàna sy ny fitsipika ary ny fampiharana ny lalàna mifehy ny fampielezan-kevitra sy ny maro voalazan'ny lalàna.</p>		
25			<p>- Amin'ny ankapobeny : Mbola tsy fantatra mazava ny ho rafitra apetraka amin'ny fitsinjaram-pahefana , na hijanona ho Etat Unitaire na hiova ho Etat Régional, na Etat Fédéré. - Mikasika ny lisi-pifidianana : Misy ezaka fanomezana Kopia sy Karapanondro ho an'ireo</p>	<p>Ka noho izany ireo fenitra ankapobe. Mikasika ny fifidianana sy fitsapan-kevim-bahaoaka, izay tokony ho voasoritra anatin'ny lalam-panorenana vaovao izay hovolavolaina no tokony hodinihana mialoha. Rehefa mipetraka mazava ny safidy ny @ endriky ny fitsinjaram-pahefana vaovao voa manomboka ny asa fanovana ny LOGER, ny lalàna 2014-020, ny lalàna mikasika ireo vondrona politika sy ny antoko,mpanohitra</p>		

		<p>olom-pirenena izy tsy voaisa, ao anatin'ny tetik'asa PRODIGY. Satria ankoatry ny Malagasy izay tsy voaisa dia misy lesoka lehibe hita amin'ny lisim-pifidianana, ny fampiasana karapanondro maromaro, sy olona izay manana "faha-izina" (Identité) maro. Mikasika ny antoko politika : Marina fa malalaka ny fananganana antoko politika, fa fa lafiny roa no tokony hojerena ary soratana anatin'ny lalàna izay asiam-panovana . Tsy mazava ny mahakasika ny parti de l'opposition izay efa nomen'ny lalam-panorenana lanja ao amin'ny andininy faha . Tsy misy soritra mazava mikasika ny vola miodina ao anatin'ireo partis politique sasany ny lalàna hany ka lasa</p>	<p>- makasika ny lisimp-pifidianana : tokony ampifandraisina @ "procedure d'enrolement biométrique de masse", ny "enregistrement retroactif de naissance", ary ny "jugment suppl"tif de naissance", ny fanisana izay kasiana hatao hanavaozana ny lisitry ny mpifidy . Tokony atao isam-paritra izany mba hiomaanana amin'izay mety ho fiovana rafitra. -Ilaina ny fiaraha-miasa akaiky amin'ny tetik'asa PRODIGY amin'ireo,ary ary tsy tokony ho faoanana ny and faha 42 @LOGGER ny @ fanokafana foana ny Lisim-pifidianana araha toa ka misy olona adino na olona vaovao nahazo fahaizana izay mana-jo feno ny hifidy ho fanajana ny fenitra. -Ilaina ny fametrahana mazava ny toerana nomen'ny lalam-panorenana ny antoko mpanohitra, ilaina ihany koa ny mametraka mazava anatin'ny lalàna ireo obligation de transparence des fonds, ny contrôle de la vie politique, ireo sazy mety hahazo raha misy fiharam-pefy, indrindra ny makasika ny ady ady atao @ famotsiambola. -Mikasika ny firaketana ireo</p>		
--	--	---	--	--	--

		<p>mitongilana ny fifaninanana amin'ny fampielezan-kevitra nohon'ny fisian'ny famatsiambola ataon'ire mafia isankarazany. Mikasika ny firaketana ireo atotan-taratasy ao amin'ny CENI-R: ny LOGER dia milaza fa azon'ny Fitsarana atao ny mangataka ireo antota-taratasy voarakitra ao amin'ny CENI-R na dia efa misy dika mitovy amin'ny sasany amin'ireo taratasy sasany ireo aza aterina eny anivon'ny Fitsarana rehefa vita ny fandatsaham-bato sy fanisana vato. Ny olana anefa dia mikorontana tanteraka ny efitra fanatobiana ireo matériels de voteireo ka sarotra ary mila fotoana be ny fandaminana azy hahitan'ny Fitsarana mazava ireo mety ho porofo amin'ny fangalaram-bato, sns. Mikasika ny</p>	<p>atontan-taratasy ao @ CENI-R , tokony manana local lehibe ny CENI sy ny rantsa-mangaika rehetra hahafahana manatoby ireo matériels de vote ary hahafahan'ny fitsarana mangataka mazava ireo matériels de vote ireo rehefa misy ny fitoriana -Mila hamafisina ny fampiharan'ireo mpitsara fifidianana ireo ny dispositions pénales ny LOGER sy ny lalàna mifandray amin'izany. Mila soritana mazava ihany koa ny cas d'ouverture ny disqualification hanasaziana ireo izay mihoampefy</p>		
--	--	---	---	--	--

			<p>famakian'ady amin'ny fifidianana : Misy andininy maromaro mikasika famaizana ao anatin'ny LORGER. Tsy dia ampiharina nefa izy ireo nohon'ny tsy fisian'ny fitorohana ataon'ireo Mpitsara Fifidianana , izay mijanona amin'ny fanafoanana vato na vokatra na koa ny fanatsoahana an-daharana ihany. Torak'izany koa ny fanatsoaha an-daharana, dia niova ho mafimafy ny fepetra ary tsy mazava rahja tamin'ny Code Electoral de 2012 kosa dia nazava tsara sy mora nampiharina, entina hanasaziana ireo izay nampiasa fitaovam-panjakana.</p>			
26			<p>Tsy ampy ny serasera sy ny fanentanana @ fampafantarana ny olompirenena mikasika ny zotram-pifidianana isan'ambaratonga , Ireo dingana tokony</p>	<p>Tsy maintsy miady mafy ny CENI @ fanohanana sy fiadiana ary fiarovana ny teti-bola mifanaraka amin'izany</p>		

			ampafantarana ny olompirenena, kandida sy ny mpanohana -fampielezan-kevitra			
27	RALAIBOZA KA JEAN BAPTISTE	KFIM Olom-pirenena mandray andraikitra ,34 67 376 01	Ferana ny fotoana anatanterahana ny fotoana ny fampielezan-kevitra, vola ampiasain'ny candidat rehetra atao mitovy ary tsy fampiasa ny fitaovam-panjakana -Fiarovana ny mpanao fam-pielezan-kevitra , Tokony asiana task force manana maso ny fampielezan-kevitra	'Olona eny @ fokontany no tena pmalala ny mpifidy eo aminy -lalana mifehy ny famorim-bahoaka ataon'ny ANTOKO POLITIKA		
28			Finiavana hanisy lalàna momba ny zava-nitranga rehetra	'Ataovy fohy, mazava, tsotra ny lalàna momba ny fifidianana		
29			- Fifanaratsiana : candidat mirotsaka manaratsy ny candidat adversaire @ fampielezankevitra nefa tsy mety io fa tokony veliranony no ataony. -Tsy mitondra tombotsoa ho an'ny firenena izany fa vo maika miteraka ady	Asiana miaro ny candidat tsirairay izany dia hisorohana korotana -lalana entitra "izay tratra na ny tenan'ny candidat na ireo staff na ireo mpikarakara ny momba azy dia disqualifier-na direct		

			lava izay miteraka korotana hatrany.			
30	Fanja	HE Mada	Moyen financier -fitetezam-paritra, hanaovana fampielezan-kevitra	<ul style="list-style-type: none"> - Tsy tokony hisy fanampiana avy any ivelany - Miaraka ny kandida isaky ny faritra , tsy misy fizarana zavatra, fa kosa partage eo aminy saqmy candidat manoloana ny olana misy eto Mada no hatao - Ny olona rehetra dia afaka manao reclamation @ mety ho fandikana lalàna eo @ fampielezankevitra 		
31		SSM	Raha @ fotoana fampielezankevitra dia betsaka ny tsy manara-dalana ireo candidat fa indrindra ny candidat matanjaka dia ny zava misy anefa ny CENI no mahazo fankianana fa indrindra any @ faritra misy ny CENI (demembrement) ary tsy misy sahy miteny ireo mandika lalàna ny olom-panjakana ireo	<ul style="list-style-type: none"> Miangavy mba asiana olona avy @ CENI manara maso ny fandikan-dalàna rehetra ary afaka manasazy ka manome preuve na mametraka any @ toerana misy azy mahafantatra ny zava misy any rehetra any - ampahafantarina izany @ haino aman-jery manerana ny nosy - Manao badge , fitafiana miavaka, fitaovana ampiasaina 		
32				<ul style="list-style-type: none"> - Omena fanamorana ny olona manana fahasembanana , indrindra ny marenina sy ny sur fauteuil roulant. Tokony handehanana any an-tranony izy ireo mba hakana ny anarany ,mba hahatonga azy ho voasoratra 		

				<p>ao apmpin'ny lisitry ny mpifidy</p> <ul style="list-style-type: none"> - Entanina manokana ireo olona manana fahasembanana handray anjara @ fifidianana sy hisoratra anarana @ lisimp-pifidianana -Tokony ferana ho 65 taona ireo hilatsaka ho fidiana, mba hanilihana ny boay kely sy ny dinozoro 		
33			<p>Tsy mitovy ny zo @ ny fampielezankevitra</p>	<ul style="list-style-type: none"> - Ampitovizina ny zo ho an'ny mpanao fampielezan-kevitra - Tsy "tsindrina" hanaraka ny fampielezan-kevitra ny mpiasam-panjakana - Atao mitovy ny zon'ny mpilatsaka hofidiana @ ny fampiasana ny haino aman-jererim-pirenena - Mila arahimaso hentitra ny haino aman-jery tsy miankina - Ampiharina ny lalàna, sy sazy ho an'ireo mandika lalàna - Alavaina ny daty mialohan'ny fampielezan-kevitra na pré-campagne 		
34			<ul style="list-style-type: none"> - Tsy mitovy ny vola ananana hanaovana fampielezan-kevitra - Lay fotoana anaovana fampielezan-kevitra tsy ampy - Ny fitaovana ampiasaina tokony 	<ul style="list-style-type: none"> - Ampitovina ny herijika rehetra ho any candidat rehetra raha azo atao - Ferana ny vola hanaovana campagne electorale sy ny fitaovana ampiasana - Tsy tokony mampiasa artistes fa zava-maneno tsotra ihany 		

			hitovy ohatra: fiara 4x4 fa tsy mampiasa helicoptère	- Tsy azo atao intsony ny mizara tee-shirt '		
35			Pre-campagne	- Tokony faritana mazava ny lalàna mifehy ny pre-camapgne. Ny tanjona dia ny ampitoviana leta ny candidat rehetra 6tokony apetraka mazava tsara ny fetra farany ambony @ vola ampiasana, ary atao entitra ny fanaraha maso sy ny fanasaziana - Tsy azo ekena intsony ny fizarana fanomezana samihafa sy ny fampiasana artiste		
36			- Tsy manara-dalana ireo manao pre-campagne sy ny campagne elettorale - Misy mpanao politika izay miandany @ ny mpitondra mbola te-hilatsaka , manery an-kolaka ireo mpifidy @ androny election députation sy présidentielle ex: commune rurale Toamasina , - Manao signalement ny observateurs nefa tsy misy tohiny	- Ampiharina tsara ny loi 2018-008 ary ampiana ny mahakasika ny pre-campagne -contrôle et sanctions mazava tsara ary ampiharina - Hamafisina ny fahaiza-manao @ ny contrôle sy ny fanasaziana		
37			Fampielezan-kevitra fa tsy fizaram-bola sy fizarana vola	- Foanana ny fizaram-bola sy fizaran-javatra : manomboka eo amin'ny ivoahan'ny Convocation des Electeurs		

				<p>hatramin'ny ifaranan'ny fampielezankevitra. - Fampiasana ny haino aman-jery = (voir ny hevitra MFM, natolotra ny PDT CENI anio 28/05/2026.</p>		
38			<p>Miseho amin'ny endrika samihafa ny hosoka mandritra ny fifidianana. Anisan'izany ny fampiasana ny Bulletin pré-coché. - Ny fanana zom-pirenena hafa ankoatra ny zom-pirenena Malagasy dia miteraka ahiahy na savorovory amin'ny filatsahan-kofodiana. -Misy karazany samihafa anefa ny fanana zom-pirenena hafa. -1- Par filliation ity dia misy lalàna malagasy manala ny zom-pirenena ananany . Ny dikany tsy afaka mirotsaka ho fidiana ny tenany. 2- Par naturalisation : ity kosa dia mbola tsy very na niala amin'ny zom-pirenena Malagasy ananany. Ny dikany manana zo</p>	<p>Aoka atao bulletin pré-numéroté ny Bulletin de vote ampiasaina . Asiana lettre asiana Chiffre (ex :2027 Q B T 001).....- Azo esorina amin'ireo Candidat nirotsaka ho fidiana ny zom-pirenena hafa ananany raha toa ka izy no lany amin'ny fifidianana. - Atao lalam-panorenana ary lalàna tsy azo ovana ny lalàna atao momba io zom-pirenena hafa io. - Ny antony , ahiahy no tena mibahana fa misy tsindry na tery avy amin'ny firenena nanome azy zom-pirenena izay tsy marim-pototra. - Aoka mba tsy ho verezin-jo ny Malagasy manana zom-pirenena Malagasy. Mankasitraka tompoko</p>		

			feny izy hirotsaka ho fidiana.			
39	Mr Jacques Aimé RAHARINIRINA	VP TAMBATRA	<ul style="list-style-type: none"> - Fanomezan-tsiny ny CENI : Soloina ny FFKM , - - Mangalam-bato, - Olona no miova fa ny rafitra tsy miova, - Ny fiaraha-monina manome tsiny fa tsy Kristianina (FFKM) ny malagasy 	<ul style="list-style-type: none"> - CENI no angady mahatapa-bilona omen'ny lalàna, tena ho sahy manitsy manasazy na amoahana lafin-javatra ahina hanimba ny fizotry ny fifidianana, na sanatria ny firenena mihintsy : fizarana vola , zavatra , na takalo amin'ny foto-drafitr'asa ny firenena. 		
40			<ul style="list-style-type: none"> - Tsy famerana ny vola ampiasaina - - Fohy ny fotoana ka misy tsy maheno mintsy, - Mampiasa ny volan'ny Mpandrahara dia redevable aminy avy eo, - Mizara zavatra sy mividy fanahin'ireo hita fa marefo, -tsy masi-mandidy ny CENI, ny tribunal compétent tsy hita sy tsy heno manoloana ny fitorohana -Ny lalana mahakasika y pre-campagne tsy misy ka samy manao izay tiany 	<ul style="list-style-type: none"> - Asiana fetra ian-tsokajiny - Halavaina akarakaky ny vanim-potoavana -Atao mazava sy ampahafantarina ny loharanom-bola -Atao izay mety hahazoana mialoha ireo lisitra zavatra ho zaraina - Omena fahefana ny CENI hanazazy ireo kandida tsy manara-dalana. - ATAO MAZAVA, fohy, mahafehy ny fifidianana mirindra sy mangarahara ary eken'ny rehetra. 		
41			<ul style="list-style-type: none"> Vide juridique - Famerana ny vola am-piasaina -tsy afa-mihetsika ny CCFVP noho ny 	<ul style="list-style-type: none"> - Fenoy ny lalàna - Tsy maintsy asiana lalàna miaro ny fahitsian'ny CCVP 		

			<p>ataon'ny kandida tohanany fanjakana</p> <ul style="list-style-type: none"> - Fampiasana ny fahefana sy fananam-panjakana mandritra ny fampielezan-kevitra , haino vaky jery 	<ul style="list-style-type: none"> - Ny fiara-panjakana dia tokony ahiditra fourriere raha tratra - Aleo hiasa amin'izay Ny ANRCM 		
42		Antoko Hiaraka Isika	<ul style="list-style-type: none"> - Tsy fisian'ny lalàna mifehy ny fampielezan-kevitra ka mahatonga ny fanararotamm-pah efana ho @ olon'ny fitondrana 	<ul style="list-style-type: none"> - Fanaovana ny fampielezan-kevitra mialoha (indrindra ny mahakasika ny pre-campagne) - Famerana ny toe-bola ampiasaina (plafonnement) - Fanasaziana ny fitokanana ny zava-bita sy fampiasana ny olona sy fitaova-panjakana - Fanomezana andraikitra mazava sy entitra ny CCFVP. controle effective des finances (sources et utilisations). ,Interdiction momba ny fitokanana zava-bita ataon'ireo olona ao amin'ny fitondrana - Fampiharana sy fanasaziana ireo candidat minia tsy manara-dalana izay mety hiafara amin'ny fanafoanana ny filatsahany ho fidiana - Fampiasana teny tsy mendrika sy manaraby ny mpifaninana 3,aoka hitovy ny zo eo @ mpifaninana mba hatratrarana ny tanjona" madagasikara sambatra sy vahoaka malagasy miadam-pinaritra 		

43			<p>fahitana ny olom-panjakana eny @ campagne -voasakatsakana ny candidat sasany mandritra ny pre-campagne -maro ireo candidat tsy mahazo sehatra @ haino aman-jery mandritra ny campagne</p>	<p>- Foanana tsy ao anaty lalàna mifehy ny fifidianana ny fahazoan'ny olom-panjakana manao campagne na inona na inona fomba afahany manao izany na inona - Mila atao mazava tsara ny lalana mifehy ny pre-campagne mba hisian'ny fitoviana eo amin'ny samy candidat - Avela malalaka tsara ny candidat rehetra hanao fampielezan-kevitra eny @ haino amanjery mpanjakana - Halavaina ny fotoana azo hanaovana fampielezan-kevitra eny @ haino aman-jerim-panjakana</p>		
44			<p>- Fampiasana ny fitaovam-panjakana - Fanomezana tsiny ny CENI</p>	<p>- Aoka ny candidat no hiantoka ny fandaniana @ fampielezan-kevitra sy ny fifidianana : 1/ Avelao ny ceni hiasa malalaka 2/ Ny vaomieran'ny fifidianana no manome ny toromarika rehetra mialoha, mandritra, ary aoriann'ny fifidianana 3/ Manana ny fahaiza-manao, traikefa sy fomba fiasa manokana ny CENI</p>		
